


# FAMPIANARANA NY

## AMIN'I MOSESY

 Eny àry. Andriamanitra hitahy anao, Rahalahy Neville. Manao ahoana, ry sakaiza. Tsy maintsy mijery matetitika aho mba ahitana na maraina izao na hariva. Eny, faly aho ny tonga eto izao maraina izao. Mafana ny andro, ary azo antoka fa manana fandraisana mafana iray ianareo. Tsy manana lohataona intsony isika; manana fahavaratra sy ririnina isika eto, sa tsy izany? Toy ny hoe mivadika ny zavatra rehetra, na ahoana na ahoana.

<sup>2</sup> Eny, ny nanao ahy ho tara, izaho—nanadio trano aho. Ary nihenjana sy nanetsetra aho aninkeo maraina. Koa nifoha aho nanana fotoana betsaka, saingy tsy fantatro fa ny vehivavy iray dia nanana asa betsaka hatao, manana izy ireo, mba hanao ankizy telo ho vonona ary avy eo dia hiainga ho any amin'ny sekoly Alahady. Oh, oadray! Zavatra betsaka hatao, mihoatra lavitra noho izay noheveriko ho tsy maintsy natao. Dia nieritreritra aho hoe, “Eny, ankehitriny . . .” Niasa aho omaly hariva, ary—ary izaho—niverina avy tany amin'ny saha evanjelistika aho . . . ? . . . Oadray, tsy asa mafy ho tanterahina ve izany? Hmm! Nanolotra dimy amby telopolo dolara isan-kerinandro ho an'ny olona iray aho hiambina an'ilay zazakely, fa tsy nisy olona te-hanao an'ilay izy.

<sup>3</sup> Nanoratra lahatsoratra iray tao amin'ny gazety ny lehilahy iray teto vao tsy ela akory izay. Mazava ho azy, tsy misy idiran'izany amin'ity. Voalaza fa teto izy, karazana politisiana iray teto tany Kentucky, voalaza fa efa indroa izy no tao amin'ny tafika, efa naratra intelo izy, tahaka ny mahery fo iray, niaina ho teratany iray izy teo amin'ny fiaraha-monina, nanao zavatra betsaka izy, namonjy ain'ankizy roa, ka ny anankiray avy tamin'ny renirano iray ary ny iray avy tamin'ny zavatra hafa, adinoko ny rehetra izay tsy maintsy nataony. Ary farany dia nieritreritra izy, eny, fa tokony hihazona ny fiaraha-monina hahitsy izy ireo, nilatsaka ho fidiana ho an'ny asa iray izy. Ary rehefa nilatsaka izy, tamin'ireo vahoaka iray hetsy, dia vato dimy no azony. Nanontany ny serifa izy raha afaka mahazo basy fohy iray hanampy azy hiala amin'ny fiaraha-monina, hoy izy, “Mampidi-doza na dia ny miaina manodidina ny tanàna aza.” Tsy nanana sakaiza betsaka izy hanampy azy hiala amin'ny tanàna. Izany no fankasitrahana Amerikana, na izany aza, sa tsy izany? Marina izany. Eto Amerika, arakaraky ny anaovanareo betsaka, dia betsaka koa no andrasana hataonareo. Marina izany, betsaka no andrasana aminareo.

<sup>4</sup> Eny, te-hampita ny fankasitrahako aho izao maraina izao ny amin'ny hoe madio sy mahafinaritra toy ny ahoana ny fiangonana. Ary rehefa tonga aho, dia nanana varavarana iray izy ireo teo mba hanome fivezivezena tsaratsara kokoa. Noho izany dia tena mahafinaritra tokoa izany, na iza na iza no eo amin'ilay komitin'ny mpitantan-draharaha eto ka nanampy nikarakara an'izany. Tena mahafinaritra mihitsy izany, ary asa iray madio mahafinaritra ilay izy. Heveriko fa Rahalahy Hall, raha tsy diso aho, no nanao azy. Tena asa mahafinaritra tokoa ilay izy.

<sup>5</sup> Ankehitriny, tara kely izao, saingy fantatrarao hoe toy ny ahoana ireo olon'ny fahamasinana. Hitanareo, tsy manana fotoana manokana ilay izy, sa tsy izany, Rahalahy Slaughter, Rahalahy Deitsman? [Hoy ireo rahalahy sy ny hafa hoe, "Tsia."—Mpand.] Ny zavatra rehetra fotsiny dia arak'izay angalantsika azy mihitsy.

<sup>6</sup> Nanana fivoriana nahafinaritra aho tany Atsimo! Saingy andro vitsy teo fotsiny no mba nahafahako niresaka. Nitory teny nandritry ny efa-bolana aho, nisesy, ka tsy nanana feo betsaka aho na dia ny—ny hibitsibitsika aza. Tsy maintsy nanao karazana fihetsika tamin'ny vadiko fotsiny aho, fantatrarao, ho an'izay nilaiko, fa izany dia karazan'ny... Ary avy eo taorian'izany, ary niverina eto izay misy an'ity karazana toetr'andro mpihatsaravelatsihy izay nananantsika ity, (nahoana, mangatsiaka amin'ny andro iray ary mafana amin'ny manaraka), izaho dia tratry ny tena, tena sery tamin'ny fanao fahiny mihitsy. Ary nifoha aho, andro vitsy lasa izay, dia nanomboka indray. Koa tena mankasitraka an'ilay Tompo tsara isika, na izany aza, nohon'ny Fahatsarany sy ny famindrampony amintsika, ary—ary efa tsara toy ny ahoana Izy. Nanana fivoriana nahafinaritra aho tany, ary nitahy anay betsaka ny Tompo, be dia be.

<sup>7</sup> Ary omaly hariva, saiky tamin'ny misakalina, dia niantso ahy tany an-tranony Rahalahy Wood, ka Rahalahy Arganbright no teo amin'ny telefona, nila ahy hanomboka any Suisse. Noho izany, dia fandehanana be loatra izany ho an'ny lehilahy antitra iray.

<sup>8</sup> Noho izany, ankehitriny, ny fivorianay manaraka dia amin'ny faha-iraka ambin'ny folon'ity volana manaraka ity, ao amin'ny Cadle Tabernacle any Indianapolis. Ao amin'ny—ao amin'ny Cadle Tabernacle any Indianapolis, manomboka amin'ny faha-iraka ambin'ny folo hatramin'ny faha-dimy ambin'ny folo. Ary avy eo, manomboka eo, dia any—any Minnea- . . . Minneapolis; manomboka any Indianapolis hatrany Minneapolis, Christian Business Men.

<sup>9</sup> Ankehitriny heveriko fa niantso ahy Rahalahy Neville, ary tiako ny hampiseho ny...haneho ny fankasitrahako ho azy

sy ny Neville anankitelo izay tonga ka nihira ho ahy ho an'ilay fandevenana, izay nananako afak'omaly. Ary nangataka an-dRahalahy Neville aho; tsy nanana mpihira mihitsy aho, ilay fianakaviana Liddick; rehefa lasa any an-Trano ho any amin'ny Voninahitra Atoa. Liddick. Ary izaho tokoa... raha ny zananilahy, tsy mahita azy aho eto; dia hitako taty aoriana hoe zaza natsangana izy. Teo am-pahafantarana fa teo am-pahafatesana ny dadany, tsy voavonjy, dia nihazakazaka tany an-trano izy mba haka ahy, talohan'izany, ary voavonjy talohan'ny nahafatesany ny dadany. Noho izany dia ny zavatra lehibe indrindra hany nataon'io zazalahy io, dia ny tonga ka naka olona iray hivavaka ho an'ny dadany talohan'ny nandehanany. Ary tonga ny Neville anankitelo ka nihira tena maha-te-ho tia ho azy ireo.

<sup>10</sup> Ary noho izany dia nanontany ahy Rahalahy Neville raha hiresaka aho izao maraina izao sy rahariva, ihany koa. Noho izany dia voamarikareo, hoy ny Soratra hoe, "Mangataha be dia be mba hahatonga anareo. . ." Noho izany dia tena ara-tSoratra tokoa Rahalahy Neville eo amin'ireo zavatra ireo, betsaka tokoa! Ka noho izany dia hanao ny tsarako indrindra aho.

<sup>11</sup> Ankehitriny, nilaza aho fa izao maraina izao, satria Fetin'ny Reny izao, dia tiantsika ny hiresaka amin'ireo—amin'ireo ankizy kely. Nihevitra aho fa ity maraina ity dia ho fotoana tsara iray ho an'ireo—ho an'ireo ankizy kely. Heveriko ankehitriny fa ny fetin'ny reny. . .

<sup>12</sup> Ankehitriny, tsy misy na inona na inona mora fanahy indrindra eto an-tany, izay fantatsika, afa-tsy ny tena reny iray, tena izy. Andriamanitra anie hitahy ny fanahiny mahery fo, ny tena, tena reny iray. Saingy manana mpisolo betsaka loatra isika amin'izao andro izao izay—izay antsoina hoe "reny," tsy reny izany; vehivavy izay manana zanaka fotsiny izy ireo, fa tsy reny. Ny reny iray amin'ny fanao fahiny dia anankiray izay miahy ny fianakaviany, ary tsy mandany vola amin'ireny fihetsiketsehana sy dihy ireny, ka mandritry ny alina manontolo, dia mifoka, misotro, dia tonga. Tsy mendrika an'io anarana masin'ny reny io izy. Vehivavy iray fotsiny izy, izay ihany, izay mitaiza zanaka iray; fa tsy reny iray, satria ny reny dia manana dikany hafa iray noho izany. Ankehitriny izaho—heveriko fa raha ianareo. . .

<sup>13</sup> Ankehitriny, ho an'ny Fetin'ny Reny, dia tiako ny haneho ny tenako ho tena tsara. Manana reny antitra fotsy volo iray aho mipetraka eto, ny tenako. Ary heveriko, fa ny andro iray, mety tsara; saingy isan'andro dia tokony ho fetin'ny reny, fa tsy indray mandeha isan-taona fotsiny. Ary ny antony hitohizan'ireo zavatra ny Fetin'ny Reny ireo ankehitriny. . .

<sup>14</sup> Ary hitako fa eran'ny tãnana fotsiny isika, ary mifankahafantatra isika rehetra. Mpianakavy isika, koa izany no antony hiresahantsika tahaka an'izao.

<sup>15</sup> Heveriko fa ny reny iray dia tokony hajaina isan'andro tsy miova, marina izany, ny tena reny iray. Ary, saingy ity andro izay antsoin'izy ireo hoe Fetin'ny Reny ity, dia tsy inona eto amin'izao tontolo izao fa fahadalana ara-barotra goavana iray, hisintonana ny vola amin'ny olona fotsiny. Ary fahafahambaraka iray ho an'ny reny izany, ny Fetin'ny Reny, indray mandeha isan-taona hoe, "Eny, tsy handeha hijery azy isika, fa handefasantsika andiam-boninkazo kely iray fotsiny izy dia hilamina hatreo izany." Tsy reny izany! Oadray, mamindrà fo! Ny tena reny iray dia vehivavy iray izay ianareo . . . anankiray izay nitaiza anareo, ary tia azy ianareo, sy mijery azy ka miresaka aminy foana. Maneho aminy ny fitiavanareo azy foana ianareo, fa tsy andro iray ao anatin'ny taona.

<sup>16</sup> Fa alohan'ny hanombohako ny tantara keliko mihitsy, dia tiako fotsiny ny haneho an'izao ka hanavao ny sasany aminareo. Ary maro aminareo no efa maty, maro amin'izy ireo no efa lasa hatramin'ny nanaovana an'izao. Tamin'ny 1933 izany.

<sup>17</sup> Efa hitanareo tao anatin'ny gazety ve hariva vitsy lasa izay ny nisy an'ilay vehivavy izay namono an'io lehilahy io, nanipy azy teo amin'ny làlana nandehanany ka nanitsaka azy nandroso sy niverina nitety azy tamin'ny fiarany mandrapanorotorony azy tanteraka mihitsy teo amin'ny làlana. Ary nilaza izy ireo, ilay-ilay mpisolovava sy ny sisa, nanao hoe, "Tsy manameloka ny fieritreretanao ve izao?" Hoy izy hoe, "Izaho sy Andriamanitra dia efa leo ny fomba fitondrana ny vehivavy." Hah! Hia, sampy iray izy. Marina izany. "Efa leo." Ambany toy ny ahoana no ahafahan'ity firenena ity miondrika? Hatraiza no ahafahantsika mandeha tsy misy ny fitsarana Masina, manontany aho? "Izaho sy Andriamanitra"? Raha meloka tamin'ny fahadalana rehetra izay napetraka Tamin'ny Andriamanitra, dia tsy ho Andriamanitra Izy, izay ihany. "Izaho sy Andriamanitra"? Oadray! Tsy misy idiran'Andriamanitra amin'ny zavatra tahaka an'izany. Manontany aho hoe rehefa ao amin'ny fampijaliana any izy, dia ahoana no hiheverany mikasika an'izany amin'izay fotoana izay? Oh!

<sup>18</sup> Amerika! Tsarovinareo ankehitriny, raha tsy voasoratrareo izany, dia raiso naoty. Iza no filazako mialoha. Hitanareo? Tamin'ny 1933, rehefa nanao fivoriana izahay teto eo amin'izay misy an'ilay tranainy, mino aho fa ny Church of Christ no ao ankehitriny, fahiny izany dia ilay tranainy . . . Eto mihitsy izany, Rahalahy Neville, tena eto mihitsy. Charlie Kern no nipetraka tao fahiny. Inona izany. . . Trano fitaizana kamboty eto eo amin'ny Meigs Avenue. Tamin'ny 1933, vao avy nahazo Ford 1933 iray aho, ary notokanako ho an'ny Tompo izany tamin'io maraina io. Ary, talohan'ny nialana tany an-trano, dia nahita fahitana iray aho. Voasoratro izany, taratasy mavo tranainy anankiray izay mbola miandry ao anatin'ny Baiboly iray foana. Nahita ny andro farany tonga aho.

<sup>19</sup> Ary, ianareo, firy no afaka mahatsiaro hoe toy ny ahoana ny fiaran'ny '33 iray tamin'izany? Oh, ilay izy dia karazan'ny tahaka an'izao, ary avo ny aoriana, ary mitapaka midina hanantonana ny kodiarana fanolo. Nahita fahitana iray aho, hoe, "Alohan'ny fihavian'ny Tompo, dia hitovy amin'ny atody iray ireo fiara." Firy no mahatsiaro an'izany filazana mialoha izany? Misy olona iray tavela ve ato? Efa lasa Rahalahy Seward. Ary heveriko. . . Izany dia tamin'ny 1933 rehefa nanao fivoriana teto izahay. Heveriko fa saiky izy rehetra mihitsy no efa lasa ankehitriny, hatramin'izany fotoana izany.

<sup>20</sup> Ary nilaza mialoha aho, hoe, "Amerika, ny andriamaniny laharana voalohany dia ho ny vehivavy." Izany ilay izy. Voavoatra araka an'i Hollywood ny zavatra rehetra. Manana zavatra aho eo amin'ireo firaketana avy amin'ny tahirin'ny FBI izay handona anareo ho potipotika amin'ny fitenenana aminareo fotsiny hoe taiza marina. Ary ny mahamenatra eo amin'ireo mpilalao sarimihetsika ireo, dia tsy misy iray amin'izy ireo, saiky, izay tsy mpivarotena. Ary ny FBI no nampiharihary an'izany vao haingana mihitsy. Azoko avy amin'ny tahirin'izy ireo manokana izany. Ary noho izany dia mipetraka ao izy rehetra, na dia ireo mpilalao sarimihetsika ireo aza, izay nanaporofoiny, fa niditra izy ireo ary naka azy ireo, miaina miaraka amin'ireo lehilahy, dimy amby roapolo sy dimampolo dolara ny alina iray, ny lehilahy iray, manerana, ao Hollywood sy hatraiza hatraiza, dia nanana trano manokana sy lehilahy ao anatin'ny ao izay halefany ho an'ireo olona ireo. Ary izany no jerentsika, televiziona, ary—ary eo amin'ireo fitara-tsary sy ny sisa eto ireo, ka mamela an'ireo zanatsika hiantso an'izany hoe sampy iray. Ary avy eo ve dia hiantso an'izany hoe *reny*? Lavitry ny maha-*reny* izany. Loto izany. Marina tokoa izany. Kanefa dia izy ireo no mametraka ny baiko. Eny, mamela azy ireo, ny karazana akanjo izay anaovan'izy ireo, diniho ireo vehivavy Amerikana fa mitafy tahaka azy ireo mihitsy, sy ny sisa. Azo antoka. Ary ny andriamanitr'i Amerika dia vehivavy iray. Tsy Jehovah; efa nihodina niala tamin'Izany izy ireo. Tsy ho an'ny *reny* ankehitriny, esory etsy amin'ny ilany izany ankehitriny, izany dia zavatra masina iray izay ho resahantsika; fa ny tiako ho lazaina dia *vehivavy*.

<sup>21</sup> Ary, tsarovy, milaza an'izany mialoha aho alohan'ilay fandranganana tanteraka lehibe, fa tsy milaza aho hoe ny Tompo no niteny tamiko an'izao, saingy mino aho hoe hisy zavatra hitranga na eo anelanelan'ny ankehitriny na amin'io fotoana amin'ny '77 io. Mety ho tonga amin'izao ora izao izany. Fa eo anelanelan'ny ankehitriny sy ny '77, dia milaza mialoha aho fa na fandravana lehibe izany na fandranganana tanteraka ny tany manontolo, eo anelanelan'ny ankehitriny sy ny '77, nilaza an'izany mialoha aho tamin'ny 1933.

<sup>22</sup> Nilaza mialoha aho fa hitohy tsy hanam-pahamaotinana ireo vehivavy ka hitohy ho lavo ny firenena, ary hitohy hihazona ny

ho reny foana izy ireo, na toy ny reny tahaka an'izany, mandrapahatongan'izy ireo, lasa sampy iray ny vehivavy. Ary afaka kelikely, dia, "Ho tapahan'ny vehivavy iray i Amerika." Mariho izany ary jereo raha tsy marina ilay izy. Haka ny toeran'ny Filoha ny vehivavy iray na tahaka an'izany, an'ny fahefana lehibe, avo iray eto Amerika.

<sup>23</sup> Fa, milaza an'izao amin'ny fanajana aho, ry ramatoa. Rehefa miala ao amin'ny lakoza ny vehivavy iray, dia any ivelan'ny toerany izy. Marina izany. Ao no misy azy. Ankoatran'io, dia tsy manana toerana izy. Ary ankehitriny, tsy masiaka amin'izy ireo aho, fa miteny fotsiny hoe inona no Fahamarinana ary inona ny Baiboly. Taloha dia ny lehilahy no lohan'ny tokantrano, saingy tamin'ireo andron'ny Baiboly izany. Tsy izany intsony izy. Saribakoly izy, na ilay—na ilay mpitaiza zaza na tahaka an'izany. Ary ankehitriny, tsia, te-hiahy alika izy ireo, mampiasa fandrindram-piterahana, ary mitondra alika antitra kely manodidina ny sandriny foana, mba ahafahanareo mandehandeha ny alina manontolo.

<sup>24</sup> Izaho dia—tsy miresaka mikasika ny reny aho. Andriamanitra anie hitahy azy ireo. Izany no mihazona an'ilay firenena miaraka ankehitriny, antsasa-dàlana, dia ny tena reny iray, tsara, masina, novonjen'Andriamanitra. Marina izany.

<sup>25</sup> Fa ilay henatra ny amin'ny hoe mitotongana toy ny ahoana ireo vehivavintsika! Manana ny silak'ilay gazety aho, nohetezako taorian'io Ady Lehibe farany io, ny laharana faharoa, izay nilaza hoe, "Lasa aiza ireo fitondrantenan'ireo vehivavy Amerikana, fa, taorian'ny enim-bolana naha-tany ampitan-dranomasina, dia ny efatra amin'ireo miaramila dimy no nisaraka tamin'ny vadiny, ary nanambady lehilahy hafa izy ireo?" Ary tsy afaka niandry azy ireo hiverina avy tany ampitan-dranomasina akory aza, ireo miaramila tany izay maty teo amin'ny sahan'ady! Ny olona izay manao an'izany dia tsy mendrika ny antsoina hoe reny, io anarana masina io. Tsia, tsy mendrika izy. Noho izany aho dia nantsoina foana hoe "mpankahala vehivavy," saingy tsy izany aho. Heveriko fa ny vehivavy iray dia zavatra mahafinaritra, ary ny reny iray, indrindra indrindra. Saingy tokony ho eo amin'ny toerany izy ireo fa tsy maka ny toeran'ny lehilahy, ary tsy maka ny toeran'Andriamanitra.

<sup>26</sup> Ary izao maraina izao dia nandre fiangonan'ny fahamasinana iray aho nilaza, fa, "Reny iray no manapaka an'ireo kintan'ny Lanitra," sy io rehetra io. Azoko eritreretina fa ireo Katolika no manao an'izany eo amin'i Maria virijiny, sy ny sisa tahaka an'izany, izay, amin'ny fanompoana an'ireo vehivavy maty, Masimbavy Cecilia sy ny rehetra tahaka an'izany, izay endrika ambony indrindra momba ny fanahy. Izay ihany ny amin'io. Ny zavatra rehetra izay manao fanelanelanana amin'ny maty dia momba ny fanahy. Noho izany, iray ihany

no Mpanelanelana eo amin'Andriamanitra sy ny olona, ary izany dia Kristy Jesosy. Marina izany. Tsy masina hafa, tsy misy na inona na inona ankoatran'i Tompo Jesosy Kristy no hany Tokana Izay Mpanelanelana eo amin'Andriamanitra sy ny olona. Saingy rehefa mahita an'ireo fiangonana aho, na dia ireo mipetraka ao ambadiky ny polipitra aza, dia nesorina tamin'i Kristy ny fahasinanana rehetra ka natolotra ny reny, nesorina ny fahasinanana rehetra, avy eo—avy eo dia manomboka izy ireo ary eo ianareo izao.

<sup>27</sup> Noho izany, saingy misy tena reny iray tavela. Deraina Andriamanitra! Toy ny hoe rehefa mahita mpihatsaravelatsihy iray ianareo; dia misy ny tena Kristiana iray izay tena miaina marina an'ilay fiainana. Eo amin'izay anananareo ny mpomba, no anananareo ny mpanohitra. Tena marina tokoa izany. Ary ankehitriny, io karazana reny sy io karazana zanaka io, no iriantsika ho resahana ankehitriny ao amin'ny Baiboly.

<sup>28</sup> Ankehitriny dia manontany aho hoe zazalahy sy zazavavy kely firy no ananantsika ato izao maraina izao? Raha nandre ny fandaharan-dRahalahy Neville tao amin'ny fampielezam-peo ianareo omaly. . . Zazalahy sy zazavavy kely firy no te-hanatona eto ka hipetraka eto amin'ny seza aloha raha miresaka aminareo aho? Tianareo ve ny handroso eto? Misy seza iray, roa, telo, efatra, dimy eto; iray eto, enina izay, ary seza kely vitsivitsy manodidina eto. Tianareo ve ny hanatona eto aloha, ny sasany aminareo ankizy kely izay afaka mandeha tsy miaraka amin'ny mamananareo, ka te-hanatona eto? Mihoatra nohon'ny tongasoa ianareo! Ireo reny dia tonga. . . [Hoy Rahalahy Neville hoe, “Misy betsaka; ny ankamaroan'izy ireo dia ao amin'ny efitry ny sekoly Alahady.”—Mpand.] Oh, ao amin'ny efitry ny sekoly Alahady izy ireo. Eny, tsara izany. Hiandry minitra vitsy isika, ary hiresaka, dia hivoaka afaka minitra vitsy izy ireo. Ary hangonintsika manodidina fotsiny, ireo maso antitra kely mainty, sy volontany, ary manga, eto, ka—ka hiresaka amin'ny tsirairay avy amin'izy ireo. Ankehitriny, firy no tia ny Tompo? Manaova hoe, “Amena.” [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena!”] Eny àry.

<sup>29</sup> Ankehitriny dia te-hiresaka amin'ireo reny sy ireo ankizy aho, ary mivantana amin'izy ireo izany.

<sup>30</sup> Rahariva, raha sitraky ny Tompo, dia tiako ny hiresaka eo amin'ny fahagagana voalohany izay nataon'i Jesosy, sy hoe ahoana no nahavitan'izany, sy tamin'ny hery inona, ary inona no Nataony rehefa nanao ny Azy Izy. Firy no mahafantatra hoe inona ilay fahagagana voalohany izay Nataony? Teneno ilay izy, ny rehetra miaraka. [Hoy Rahalahy Branham sy ny fiangonana hoe, “Namadika ny rano ho divay.”—Mpand.] Marina izany, ilay fahagagana voalohany izay Nataony. Ankehitriny, raha sitraky ny Tompo. Raha teo am-pianarana aho, androany maraina, dia tonga tao an-tsaiko fotsiny izany.

<sup>31</sup> Hitako fa manana ny sakaizantsika tsara isika, Atoa. sy Rtoa. Yeker iry aoriana iry, mino aho, izao maraina izao. Sendra nahamarika azy ireo fotsiny aho raha nihodina an'ilay andry tahaka an'izao. Nanao fizahana iray aho indray andro; tsy maintsy manao ny tenako ho tsara aho ho an'ireo fizahana mikasika an'ireo andraikitra any ampitan-dranomasina. Ary, rehefa tonga aho, dia iza no nihaonako raha tsy Atoa. sy Rtoa. Yeker, nipetraka tao amin'ilay birao—birao.

<sup>32</sup> Dr. Schoen, any Louisville, tena rahalahy Kristiana mahafinaritra iray. Lazaiko aminareo, nihaona tamin'ny tena lehilahy marina tokoa aho, tena anankiray izay mino an'Andriamanitra sy mametraka ny fahatokiany eo. Mba fantatrareo moa? Ho lazaiko anareo. Mahita dokotera aho izay mino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra mihoatra lavitra nohon'ny ahitako mpitory teny. Marina izany. Miresaha amin'izy ireo. Hoy izy, "Izany tokoa." Ary rehefa izy... Rehefa niainga aho, dia noraisiny ny tãnako, hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, manao ho an'ny taranak'olombelona mihoatra lavitra noho izay hany vitako ianao." Hoy izy hoe, "Marina izany." Hoy izy, "Ianao dia afaka manampy ny olona izay tsy azoko kasihana akory aza." Hoy izy, "Marina izany."

<sup>33</sup> Hoy aho hoe, "Eny, mazava ho azy, ianareo dia afaka manjaitra, na mametraka taolana iray, na zavatra tahaka an'izany. Saingy Andriamanitra no manao ny fanasitranana."

<sup>34</sup> Hoy izy hoe, "Marina izany." Amena. Oh, tiako ny mahita olona malala-tsaina, mato-tsaina. Mieritreritra ny fandidiana aho, sy ny dokotera ara-pahasalamana, sy ny siropraktika, osteopatika, fanasitranana avy amin'Andriamanitra, ary ny rehetra miaraka, raha afaka manampy olona iray ny iray amin'izany, dia manohana an'izany aho. Ary rehefa raisinareo ny dokotera iray manameloka mpitory teny iray; ilay mpitory teny manameloka dokotera iray; ary ny osteopatya iray manameloka—manameloka mpandidy iray; ilay mpandidy manameloka dokotera ara-pahasalamana iray; dia azonareo eritreretina izany, fa misy antony fitiavan-tena iray any ho any. Marina izany, satria ny tsirairay avy amin'izy ireo dia nanaporofa fa manampy olona izy ireo. Tena marina tokoa izany.

<sup>35</sup> Ankehitriny ny zavatra amin'ilay izy dia, heveriko, raha marina ireo antontsika, ka mahitsy ho an'ny olona ny fonsika, dia tokony hiaraka hiasa isika rehetra mba hanampy ny olona namantsika, mba hanao fiainana iray moramora kokoa. Ary amin'izay fotoana izay dia tsy tia tena ny antonareo, manome ny dera ho an'Andriamanitra Izay manome ny zavatra rehetra maimaim-poana. Amena. Eny, tompoko. Oh, tsy tokony hanana fitiavan-tena isika na aiza na aiza; tokony ho tanteraka ilay izy.

<sup>36</sup> Raha afaka manampy an'ity ilay siropraktika, ary ilay osteopatika manampy an'ity anankiray ity, ilay mpandidy



manampy an'*ity* anankiray ity, ary zavatra iray hafa manampy an'*itsy* anankiray itsy, dia ndao isika hivavaka ho an'izany rehetra izany, amena, mba hanampian'Andriamanitra fotsiny ny vahoaka Malalany mba ho salama sy sambatra. Satria, tsy hijanona ela eto isika, andro vitsy fotsiny dia eo amin'ny lâlana isika, lasa any an-kafa any ho any. Noho izany ny ezahantsika hatao dia ny manao fiainana moramora kely kokoa fotsiny mba ahafahanareo manana fotoana iray tsaratsara kokoa raha mbola eto ianareo. Amena.

<sup>37</sup> Ankehitriny eo amin'izany fisainana izany, dia ndao isika hanondrika ny lohantsika alohan'ny hanokafantsika ny Baiboly, sy hiresaka amin'ilay Mpamonjintsika maha-te-ho tia.

<sup>38</sup> Ry Rainay, Tsara fanahy any An-danitra, tonga am-panetretena tokoa izahay izao maraina izao ao amin'Ny Fanatrehanao, ary misaotra Anao ambonin'ny zavatra rehetra izay hany nisy teto an-tany, na hany hisy, nohon'ny amin'ny Tompo Jesosy Kristy. Satria, Izy no Anankiray Izay nitondra ny olona sy Andriamanitra niaraka, ka nampihavana anay mahantra tsy mendrika, vahiny tsy masina. Lavitra an'Andriamanitra, tamin'ny—tamin'ny safidy, avy amin'ny tenanay; nanao ny safidinay manokana izahay ka nandeha nanalavitra Azy. Fa tena tsara Izy mba ho tonga, ary raha mbola tsy nahafaly an'Andriamanitra izahay, raha mbola mpanota izahay, lavitra an'Andriamanitra, dia Izy no nampihavana anay indray tamin'ilay Ray, tamin'ny alàlan'ny fandrarahana Ny Ràny Manokana.

<sup>39</sup> Toy ny ahoana no isaoranay Anao nohon'ny Aminy! Ary androany dia mitsangana ho Mpanelanelana iray, ilay hany Tokana eo anelanelan'Andriamanitra sy ny olona, Izay afaka manao ny vavaka ho tonga eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny lampihazony Ny Ràny Manokana izay Nararany avy teto an-tany hatrany amin'ny Voninahitra. Tonga teto amin'ity tany ity tamin'ny alàlan'ny tranom-biby iray, teraka tao anatin'ny fihinanam-bilona iray. Niala tamin'ny tany, tamin'ny alàlan'ny fanasaziana lehibe. Tsy nila Azy ny tany. Tsy afaka nandray Azy ny Lanitra, satria mpanota iray Izy, naka ny fahotana teo Aminy Izy. Tsy nila Azy ny tany. Nandà Azy izy ireo hoe, “Alavirio ny Olona tahaka an'izany!” Izy aza dia nanana... tsy nanana toerana iray hahaterahana akory aza, na toerana iray hahafatesana. Dia nihantona teo anelanelan'ny Lanitra sy ny tany Izy; tsy afaka nandray Azy ny Lanitra, ny tany koa tsy nila Azy. Dia maty Izy, na ahoana na ahoana, mba hamonjy anay amin'ny fahotanay, hanasitrana ny aretinay, hanome anay fifaliana sy toerana iray maha-te-ho tia raha mbola eto an-tany eto izahay. Mpamonjy iray toy ny inona! Oh, toy ny ahoana no isaoranay Anao nohon'ny Aminy!

<sup>40</sup> O Andriamanitra, aoka ny fankalazanay rehetra an'ny fonay hiraraka eo Aminy, ary Izy irery ihany. Enga anie ny fanajana rehetra sy ny fanompoana rehetra, ny zavatra rehetra izay mivoaka amin'ny molotray na ny fonay, enga anie izany hipetraka eo Aminy Izay mendrika ny rehetra. Izy Izay nipetraka teo ambonin'ny Seza fiandrianana indray andro, niaraka tamin'ilay Boky teny an-Tànany, tsy nisy olona tany Andanitra na teto an-tany izay mendrika na afaka na dia hijery an'ilay Boky aza, na hamaha an'ireo Tombokase izay nanisy tombokase Azy. Fa io Zanak'ondry izay voavono io, talohan'ny fanorenana ny tany, no tonga, nandray Azy avy teo amin'ny Tànany, nanokatra an'ireo Tombokase ary namaha an'ireo—ireo Teny, ho an'ny olona.

<sup>41</sup> Ary, Ray, mivavaka izahay androany mba Ny Fanahiny Masina no hamaha ny fonay hiala amin'ny aiziny rehetra, hamaha ny lelanay hiala amin'izay ratsy rehetra, mamelà ny fahotanay rehetra, ka esory ny aizina rehetra, ary midira ao amin'ny fonay izao maraina izao.

<sup>42</sup> Ary indrindra ireto ankizy kely ireto, Andriamanitra, tahio izy ireo raha mipetraka eto izao maraina izao miaraka amin'ny reniny maha-te-ho tia. Andriamanitra, toy ny ahoana no isaoranay Anao ny amin'ny maha-reny, ny amin'ny tena vehivavy! Eo afovoan'ity aizina sy fanompoan-tsampy rehetra ity, sy loto ary fahalòvan'izao tontolo izao, dia mbola tena manana izahay, reny tena izy. Toy ny ahoana no isaoranay Anao ny amin'izy ireo! Tanora sy antitra, samy mitovy, misaotra Anao izahay, Ray, ny amin'ny tena maha-reny. Ary mivavaka izahay, Andriamanitra, mba Hitahianao azy ireo.

<sup>43</sup> Mahita, mipetraka eto izao maraina izao, ny maro amin'ireo rahalahinay sy anabavinay dia mitondra raozy fotsy na ireo vony fotsy sy voninkazo, midika fa ireo reny malalany masina dia efa niampita an'ilay voaly, any amin'ilay ilany hafa; tsy maty, fa velona mandrakizay. Indray andro any izy ireo dia ho tonga, ihany koa, eo amin'ilay renirano, ka eo no hahitany azy indray, eo amin'ilay ilany hafa. Maro no mitondra raozy mena, mbola eto ilay reny. Misaotra Anao izahay ny amin'izany.

<sup>44</sup> Mivavaka aho mba Hitahianao anay rehetra miaraka raha mianatra Ny Teninao izahay, fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Kristy izahay. Amena.

<sup>45</sup> Ankehitriny dia hitahy anareo anie ny Tompo. Ary hiditra avy hatrany eo amin'ny Teny isika izao maraina izao. Ankehitriny, voalohany, alohan'ity tantara kely ity, dia nieritreritra ny reny sy ireo ankizy kely aho, . . . Ary handre ahy angamba izy ireo, satria manana feo tsara iray ity zavatra ity. Ary hanome tantara kely iray aho, satria efa voamariko ankehitriny ao amin'ireo fivoriako, matetika dia manampy betsaka tokoa ireo tantara. Tsy mihevitra toy izany koa ve

ianareo? Mahazo an'ilay izy tsaratsara kokoa ireo ankizy kely. Mijery zazalahy vitsivitsy kely aho, mangira-maso mipetraka, mijery ahy ankehitriny, izay ho lehilahin'ny ampitso raha misy ampitso iray.

<sup>46</sup> Ary ankehitriny alohan'ny ananantsika tantara iray, na zavatra hafa izay miseho ao amin'ny fiangonana, dia tsy maintsy manana fototra ara-Baiboly izany. Amena. Tsy maintsy fototra ara-Baiboly izany. Voalohany, dia ndao isika hamadika ao amin'ny Matio, ny toko faha-16 ary ny andininy faha-25, ary hamaky an'ireo andininy ireo isika. Voalohany, raha mamaky isika, mivonona, amin'izay fotoana izay angamba dia hivoaka ireo ankizy kely. Ankehitriny Matio 16:25, izao no vakiantsika.

*Fa na iza na iza no hamonjy ny ainy dia hahavery azy:  
ary na iza na iza no hahavery ny ainy nohon'ny amiko  
dia hahita azy.*

<sup>47</sup> Ankehitriny, Soratra iray tena zava-dehibe ity. Ndao isika rehetra hamaky an'izany miaraka. Inona no lazainareo? Ny olona rehetra, ireo ankizy kely sy ny rehetra, miaraka ankehitriny. [Miaraka mamaky an'izao Soratra manaraka izao Rahalahy Branham sy ny fiangonana—Mpand.]

*Fa na iza na iza no hamonjy ny ainy dia hahavery azy:  
ary na iza na iza no hahavery ny ainy nohon'ny amiko  
dia hahita azy.*

<sup>48</sup> Fantatrareo, ireo zazalahy sy zazavavy, ary fantatro fa ireo antitra dia hankasitraka an'ity tahaka an'ireo ankizy. Saingy, zava-dehibe loatra io Soratra io! Ary ireo Soratra sasany dia zava-dehibe loatra ka apetrak'Andriamanitra ao amin'ireo Filazantsara efitra rehetra izany; Matio, Marka, Lioka, ary Jaona. Saingy, ity dia tena zava-dehibe loatra hany ka Napetrany in-enina izany ao amin'ny Filazantsara! In-enina no nivoahan'ity avy teo amin'ireo Molony Manokana, Jesosy.

<sup>49</sup> Ankehitriny ao amin'ny Marka, hamadika ao isika, ary ao amin'ny toko faha-8-n'ny Marka, ka manomboka amin'ny andininy faha-34, dia hamaky sasany eo aho. Ary tiako ianareo hanamarika indray, miaraka amin'ny fitohizana kelin'ity izay nitenenan'i Jesosy azy. Ary tsarovy, Izy no nametraka azy in-enina ao amin'ny Filazantsara, mba hahazoana antoka an'izany! Ny roa dia vavolombelona, saingy Napetrany intelo izany mba, hitanareo, mba hahazoana antoka fa ho tsaroanareo ilay izy.

*Ary izy rehefa—rehefa tena nantsoiny ny vahoaka  
hanatona azy sy ireo mpianany ihany koa, dia hoy izy  
tamin'izy ireo, Na iza na iza no hanaraka ahy, dia aoka  
izy handà ny tenany, . . . hitondra ny hazo fijaliany, ka  
hanaraka ahy.*

<sup>50</sup> Ankehitriny, ny iray amin'ireo mpandika dia nametraka hoe, "Hitondra ny hazo fijaliany ka hanaraka Ahy isan'andro." Ankehitriny, ankehitriny ny andininy faha-35. Henoy.

*Fa na iza na iza no hamonjy ny ainy dia hahavery azy; fa na iza na iza no hahavery ny ainy nohon'ny amiko sy ny amin'ny filazantsara, dia izy no hamonjy azy.*

*Fa inona no soa azon'ny olona, raha hahazo an'izao tontolo rehetra izao izy, nefa very ny ainy manokana?*

*Na inona no homen'ny olona ho takalon'ny ainy?*

<sup>51</sup> Ankehitriny dia ndao raisintsika ity andininy faha-35 ity ka hanonona azy miaraka indray ankehitriny. Eny àry. Ankehitriny dia ndao isika hilaza an'izany miaraka. Haka ny Marka 8:16 isika, ankehitriny dia ndao isika hilaza an'izany miaraka; Marka 8:16, mamelà ahy, Marka 8:16, 35. Tsia, mbola diso ihany ny nanononako azy. Marka 8, miala tsiny aho. Marka, Masindahy Marka, toko faha-8, andininy faha-35. Ankehitriny dia ndao isika hanandrana an'izany. Masindahy Marka, toko faha-8, andininy faha-35. Ankehitriny dia ananantsika izany. Ndao isika hamaky azy. [Miaraka mamaky an'izao Soratra manaraka izao Rahalahy Branham sy ny fiangonana—Mpand.]

*Fa na iza na iza no hamonjy ny ainy dia hahavery azy; fa na iza na iza no hahavery ny ainy nohon'ny amiko sy nohon'ny filazantsara, . . . no hamonjy azy.*

<sup>52</sup> Mahafinaritra ve izany? Ankehitriny hanohy avy hatrany eo amin'ny tantara kelintsika isika, ary arakaraky ny ahatongavan'ireo ankizy no hakan'izy ireo ny toerany. Ireo mpampiditr'olona no miambina azy ireo rehefa izy ireo, ampahanginana, jereo raha afaka mampiditra azy ireo eto ianareo, raha mandray sy manolotra an'ilay tantarantsika isika. Hanao fototra an'ity isika, izao maraina izao, eo amin'ny tantara iray. Ary izaho, matetika mihitsy, teto fotoana vitsy lasa aho izay . . .

<sup>53</sup> Niaraka tamiko Rahalahy sy Ranabavy Wood, mino aho, tany tao amin'ilay fivoriana farany, ary izaho no niresaka tao amin'ny Sakafo marainan'ny Christian Business Men. Fa nanolotra tantara kely iray ny amin'i Zakaiosy aho tao amin'ny . . . teo ambonin'ilay hazo sykomora, ary, rehefa nandalo Jesosy, sy hoe ahoana no nakany daban-jaoridira iray, fantatrarao, (ary nanao an'ilay izy ho tantara), ary niakatra teo amin'ny hazo iray, mba hahita an'i Jesosy; ilay mpandraharaha nipetraka teo ambonin'ny hazo, fantatrarao, niafina an'i Jesosy. Fa tsy fantatr'i Jesosy hoe taiza no nisy azy, mba ilazana azy, fantatrarao. Ary avy eo dia hoy izy hoe, "Oh, izy ireo no miteny amiko fa mahafantatra zavatra io Lehilahy io ka afaka milaza mialoha an'ireo zavatra, ary mahafantatra hoe aiza ilay trondro nanana vola madinika. Tsy mino an'izany aho." Fa nandeha avy hatrany teo ambanin'ilay hazo Jesosy. Dia hoy izy hoe, "Oh, tsy afaka mahita ahy Izy, mipetraka eto ambonin'ny hazo aho."

<sup>54</sup> Nijanona Jesosy ka niandrandra, ary nanao hoe, "Ry Zakaiosy, midina." Tsy hoe nahafantatra fotsiny fa teo ambony teo izy, fa Fantany hoe iza izy.

55 Noho izany dia heveriko fa manampy an'ireo olona antitra indraindray ny tantara kely iray, ireo zazalahy sy zazavavy antitra, toy izany koa ny tanora.

56 Noho izany dia mety hanontany ahy ianareo, rehefa mifarana ity hoe, “Rahalahy Branham, aiza no ahazoanao an'io fahafantarana an'ireo olona sy anarana ireo?” Ny sasany amin'izy ireo, dia ny sakaizako tsara no nanampy ahy, Rahalahy Booth-Clibborn. Ary ny iray hafa, tamin'ny alàlan'i Josephus, ilay mpahay tantara malaza. Ary avy eo dia ireo boky teo amin'ny tantara izay efa novakiako, ny amin'io zavamitranga io, sy ny sisa. Ary tahaka an'izany no nahazoako ny fampahafantarana ny amin'izay hanaovantsika tantara izao maraina izao, ho an'ity.

57 Hitako fa mivoaka ireo madinikantsika ankehitriny, ary ho an'ity tantara izay hataontsika ity izao maraina izao. Ankehitriny ianareo zazalahy sy zazavavy kely, raha vitanareo, izay maniry, dia manatona eto aloha eto avy hatrany. Manana seza foana dimy na enina isika. Raha tianareo ny hanatona eto avy hatrany, dia ho faly izahay ny hanana anareo. Miditra arapotoana mihitsy izy ireo ho an'ilay tantara kely eto.

58 Ary ankehitriny dia tahaka an'izany no nahatonga ahy hahazo an'ity fahafantarana ity, ahoana no nahatonga ahy hahita azy. Mety hisy olona iray haka azy ka hanao hoe, “Eny, tsy mbola namaky an'izany ampahany izany tao amin'ny Baiboly mihitsy aho.” Saingy, raha tsy namaky ianareo, dia ny tantara no naka azy, hitanareo. Noho izany dia ilay tantara manontolo iray ihany izany, fa ilay izy dia nomena fotsiny tao anatin'ny—ny—ny endrika tantara kely iray.

59 Ary, noho izany, dia izay ilay izy! Izay ilay izy! Zandry kelinao ve io? Oh, azo antoka fa mitovy aminao izy! Ary zazalahy mahafinaritra iray izy. Afaka milaza mihitsy ianao fa izany izy. Eny àry.

60 Ankehitriny tianareo ve ny hanatona eto ka hipetraka eto? Misy zazavavy kely roa, na zazavavy kely telo. Oadray, mahafinaritra sy tena tsara izany! Ankehitriny dia tiako. . . Ity tantara kely izao maraina izao ity dia ho an'ireo zazavavy sy zazalahy kely. Ramatoakely Collins, mino aho fa ianao io, sy ilay anabavy kely hafa iray; raha tianao ny handeha eo avy hatrany, malala, dia mipetraka eo. Hia, mino aho fa misy toerana iray eo, raha ilay ramatoa no—no hamindra ny poketrany. Ary—ary avy eo *eto* mihitsy dia misy mpivady mipetraka eto.

61 Tiako ireto zazalahy sy zazavavy kely rehetra ireto handroso eto aloha eto, mba ahafahako miresaka amin'izy ireo. Eto, indro manana seza vitsivitsy isika eto. Hitanay mihitsy fa manana seza vitsivitsy ianareo. Eny, tompoko. Hanampy antsika eto mihitsy ny sasany amin'izy ireo. Noho izany, tiantsika io mba ho an'ireto zazalahy sy zazavavy kely ireto fotsiny. Oh,

oadray! Tsy mahafinaritra ve izao? Ankehitriny izany dia... Mino aho fa tokony hanana vitsy amboniny ianao, Rahalahy Neville, mahita vitsivitsy amboniny tonga aho. Ary ankehitriny dia mahafinaritra fotsiny izao!

<sup>62</sup> Firy ny reny ato? Atsanganano ny tanaanareo. Oh, mahafinaritra izany! Ankehitriny, mahafinaritra fotsiny sy tena tsara izany.

<sup>63</sup> Ankehitriny raha te-ho tonga eto ianareo zazavavy kely eny aoriana, dia mandrosoa eto aloha, raha efa tena lehibe ianareo mba hiala amin'ny mamananareo. Ary raha te-hitondra anareo eto i mama, eny, teneno aminy mba handroso avy hatrany. Izao dia ho an'i mama, ihany koa. Eny àry, ankehitriny.

<sup>64</sup> Lazaiko aminareo, rankizy, vao avy namaky andininy iray izahay. Tianareo rehetra ve ny hanonona an'izany miaraka amiko? Tianareo rehetra ve ny hanonona an'ity andininy ity miaraka amiko? Ankehitriny, izany dia hita ao amin'ny Masindahy Matio, ny toko faha-16 ary ny andininy faha-25, izay ho resahantsika. Ankehitriny ireto kely ireto... Ny zazalahy sy zazavavy kely rehetra, izao maraina izao, tonòny miaraka amiko ity ankehitriny. Lazao hoe, "Masindahy Matio," [Hoy ireo zazalahy sy zazavavy hoe, "Masindahy Matio,"—Mpand.] "ny toko faha-16," ["ny toko faha-16,"] "ny andininy faha-25." ["ny andininy faha-25."] Ankehitriny dia tonòny miaraka amiko. "Fa na iza na iza no hamonjy ny ainy" ["Fa na iza na iza no hamonjy ny ainy"] "dia hahavery azy," ["dia hahavery azy;"] "ary na iza na iza no hahavery ny ainy nohon'ny Amiko no hamonjy azy." ["ary na iza na iza no hahavery ny ainy nohon'ny Amiko no hamonjy azy."] No hamonjy azy! Hia, ndao isika hilaza an'izany indray. "Na iza na iza" ["Na iza na iza"] "no hahavery ny ainy" ["no hahavery ny ainy"] "nohon'ny Amiko" ["nohon'ny Amiko"] "no hamonjy azy." ["no hamonjy azy."] Mahafinaritra!

<sup>65</sup> Ankehitriny, ry zazalahy sy zazavavy, mba fantatrarao moa? Misy zavatra marobe eto amin'izao tontolo izao izay tena misy vidiny. Ary ny iray amin'ireo zavatra ireo dia, manana azy miaraka aminareo ianareo androany, izany dia ilay fanahy izay ao anatin'io vatana io. Ary izany no zavatra tena misy vidiny indrindra eto amin'izao tontolo izao, ho anareo. Marina ve izany, ry reny? Manaova hoe, "Amena." [Hoy ireo reny hoe, "Amena."—Mpand.] Ny zavatra misy vidiny indrindra izay anananareo dia ny fanahinareo. Ary ankehitriny raha mihazona ny fanahinareo ianareo, amin'izay fotoana izay dia hahavery azy ianareo. Fa raha mahavery ny fanahinareo ianareo, amin'izay fotoana izay dia hamonjy azy ianareo; raha mahavery ny fanahinareo ho an'i Jesosy ianareo, hitanareo. Amin'ny teny hafa dia, raha mino an'i Jesosy ianareo, dia lasa Mpianany. Koa amin'izay fotoana izay raha manome ny fiainanareo ho an'i Jesosy ianareo raha mbola tanora tahaka an'izao, ary amin'izay fotoana izay ianareo dia... Izy dia hamonjy an'izany ho amin'ny Fiainana mandrakizay. Fa raha ianareo—raha te-

hihazona an'izany ianareo, dia hahavery azy; hia, hahavery ianareo. Raha te-hanao tahaka an'ireo zazavavy sy zazalahy hafa manodidina eto ianareo, ka mivoaka sy manao tahaka ny ataon'izy ireo, amin'izay fotoana izay ianareo dia—ianareo dia—hahavery azy ianareo. Fa raha te-hanome ny fiainanareo ho an'i Jesosy ianareo, amin'izay fotoana izay dia hahavonjy azy Mandrakizay sy mandrakizay ianareo.

<sup>66</sup> Ankehitriny, tsarovinareo izany ankehitriny, fa izany no zavatra misy vidiny indrindra eto amin'izao tontolo rehetra izao, dia ny fanahy kelinareo. Ary raha mihazona an'izany ianareo, dia hahavery azy; raha manome an'izany ho an'i Jesosy ianareo, dia mamonjy azy. Afaka milaza an'izany miaraka amiko ve ianareo? Raha . . . Manaova hoe, “Raha mihazona an'izany aho,” [Hoy ireo zazalahy sy zazavavy hoe, “Raha mihazona an'izany aho,”—Mpand.] “dia hahavery azy aho;” [“dia hahavery azy aho;”] “fa raha manome an'izany ho an'i Jesosy aho,” [“fa raha manome an'izany ho an'i Jesosy aho,”] “dia hamonjy azy aho.” [“dia hamonjy azy aho.”] Izay ilay izy! Ankehitriny azonareo ilay izy. Tsy izany ve . . .

<sup>67</sup> Ny reny rehetra izay mihevitra fa mahafinaritra izany, dia manaova hoe, “Amena.” [Hoy ireo reny hoe, “Amena!”—Mpand.] Oh, mahafinaritra izany! Tsara izany.

<sup>68</sup> Ankehitriny, hitanareo, misy zavatra anankiray izay azonareo atao. Ankehitriny, mandroso ianareo. Raha te-hanao tahaka an'izany izy ireo, ka manana an'ireo faniriany an'izao tontolo izao . . . Raha te-hivoaka eo ireo zazalahy sy zazavavy ka hanao zavatra, ary milaza tantara sy manao zavatra izay ratsy, ary—ary misoloky sy mangalatra, ary—ary manao zavatra ratsy, sy mangala-tahaka any an-tsekoly, sy ny sisa, mandehana; mahavery izy ireo. Mahavery an'izany izy ireo. Fa raha hanome an'izany ho an'i Jesosy ianareo, dia tsy hanao an'izany izy ireo, ary amin'izay fotoana izay dia izany no hamonjy azy. Izany no tianareo hatao. Sa tsy izany?

<sup>69</sup> Ankehitriny dia hanomboka ao amin'ny tantara kelintsika isika. Ankehitriny, izany no fototra antsika, ankehitriny dia tsarovinareo izany. Ndao ankehitriny isika hanomboka ny tantara kelintsika. Ankehitriny, ho an'ireo olon-dehibe, sy ho an'ireo—ireo ray sy reny, henoinareo, ihany koa, ankehitriny; ianareo, indrindra ianareo reny sy dada. Ankehitriny fotsiny . . . ary hanomboka isika. Tia an'ireo tantara kely ve ianareo? Tia ve ianareo? Oh, tiako fotsiny izy ireny! Indrindra ankehitriny . . . Mamaky tantara betsaka izay tsy marina ianareo. Fa ity tantara ity dia marina, ny Fahamarinana tanteraka, ny Teny rehetra an'izany. Ao amin'ny Baibolin'Andriamanitra izany, noho izany dia tsy maintsy ho ny Fahamarinana izany, hitanareo, satria Tenin'Andriamanitra Izany. Ny Tenin'Andriamanitra no Fahamarinana.

<sup>70</sup> “Ankehitriny, fantatrao,” hoy izy, “tena reraka aho. Izaho—izaho dia—reraka mafy te-ho faty aho.”

<sup>71</sup> “Eny,” hoy izy, “nahoana no tsy miakatra any ambony ianao dia mandeha matory? Mandria eo amin’ily fandriana kely, ilay seza lava ao ambony ao, dia mandehana matory.”

<sup>72</sup> Hoy izy hoe, “Saingy, oh, reraka loatra aho.” Hoy izy hoe, “Oh, ry malala, raha nahita an’izay hitako androany ianao! Oh, izaho dia . . . izaho, inona . . . Tsy mila sakafo hariva mihitsy akory aza aho! Oh, mahatsiravina izany, ny fahitana an’izay hitako androany!”

Hoy izy, “Eny, inona izany hitanao izany?”

<sup>73</sup> Hoy izy, “Eny, tsy afaka miteny aminao aho, eo anatrehan’ireo ankizy, oh, mahatsiravina loatra ilay izy! Oadray, ratsy ilay izy!”

“Eny, inona izany hitanao izany?”

<sup>74</sup> “Eny, hiakatra any ambony aho dia handry vetivety fotsiny, ary avy eo—ary avy eo aorian’ny sakafo hariva rehefa mametraka an’ireo ankizy kely rehetra eny am-pandriana isika, amin’izay fotoana izay no ho teneniko aminao izay nitranga androany.”

“Eny àry,” hoy izy.

<sup>75</sup> Dia nandeha niakatra tany ambony izy. Nandry izy. “Oh, tena reraka! Oh, oadray!” Fantatrarao hoe ahoana i dada rehefa reraka izy, tena reraka mihitsy!

<sup>76</sup> Ary afaka kelikely, ilay zazavavy kely mangira-maso, nanomboka nihazakazaka nanerana ny gorodona izy, ary niresaka mafimafy kely. Hoy izy, “Sh-sh-sh, sh-sh-sh, aza manao an’izany. Hamoha ny dadanao ianao. Ary, oh, tena reraka izy hany izy—te-ho faty izy. Tsy te-ho velona intsony izy. Ary raha reraka tahaka an’izany i dada, eny, dia tokony hamela azy hatory vetivety isika. Aza fohazina izy.” Ary Miriama kely, mandeha eo izy ary mipetraka, mba tena hilamina.

<sup>77</sup> Ary afaka kelikely dia nanao ny sakafo hariva rehetra ho vonona izy, noho izany dia nitsaitsaika niakatra ny tohatra izy ary izy—niantso azy izy hoe, “Amrama?”

<sup>78</sup> Dia hoy izy hoe, “Eny, ry Jokebeda, inty aho. Hidina aho.” Noho izany dia nidina teo amin’ireo zana-tohatra izy ireo, fantatrarao, ary nanana sakafo hariva tsara.

<sup>79</sup> Noho izany rehefa avy nihinana sakafo hariva izy ireo, ary ilay kely—zazalahy sy zazavavy kely dia nihinana ny sakafo harivany, nahoana, izy ireo . . . nampirina an’ireo zavatra ilay reny ka nampitafy lamba azy ireo teo am-pandriana.

<sup>80</sup> Ary avy eo dia miditra ao an’efitra izy, izy sy ny vadiny, dia mipetraka izy ireo. Hoy izy, “Eny, ankehitriny, inona izany hitanao androany izany, ry Amrama, izay nanao anao ho tena—



tena sorena izao hariva izao, ka tsy te-ho velona mihitsy aza ianao?”

<sup>81</sup> “Oh,” hoy izy, “ry malala, izaho—tsy mety azoko mihitsy ilay izy.” Hoy izy hoe, “Nahita aho. . . Eny, isika dia mahita an’ily izy isan’andro, saingy hafa indrindra ny androany.” Hoy izy, “Oh, izaho—nahita ny fahitana nahatsiravina indrindra izay hany hitako aho.” Hoy izy, “Ireo zazalahintsika mahantra, ny sasany amin’izy ireo dia tsy mihoatra ny roa ambin’ny folo taona akory, nisintona an’ireo vagao goavana tranainy, miaraka amin’ny tady manodidina ny tendany tahaka an’izao. Ary nisintona ireo ankizy mahantra ireo mandra-pahatonga azy ireo tsy afaka nisintona intsony, niakatra an’ily fiakarana goavana be, ireo vato goavana any ireo, ary tsy afaka nandeha lavitra intsony izy ireo. Ary afaka kelikely dia nanomboka nidridroka ilay vagao ary tena nandeha mora, ka afaka kelikely dia nijanona. Nidina teny an-dàlana ny lehilahy iray, oh, adala iray izy! Nitrerona mafy izy hoe, ‘Nahoana no ajanonareo ity vagao ity?’ ‘Hoam!’ niaraka tamin’ireo karavasy tranainy goavana be toy ny bibilava, ary nikaravasy azy nanerana ny lamosina, ka niraraka avy tao amin’ny lamosin’izy ireo ny rà, ary niraraka tahaka an’izao. Ary ireo ankizy mahantra ireo dia nifikitra teo amin’ily tady fotsiny ka niantsoantso.” Hoy izy, “Oh, ry Jokebeda! Inona no azontsika atao, ry neny?” Hoy izy, “Vahoakan’Andriamanitra isika. Nitahy antsika Andriamanitra. Isika dia zanak’i Abrahama, Isaka, ary Jakoba. Fa nahoana isika no tsy maintsy ho andevo eto amin’ireo zavatra ireo? Oh, mahatsiravina toy ny ahoana no niantsoantsoan’ireo zazalahy mahantra ireo. Oh, ary mivavaka aho ary mivavaka aho ary mivavaka aho, ry Jokebeda, nefa toy ny hoe tsy mandre ahy akory aza Andriamanitra. Mivavaka aho ary mivavaka aho, nefa Izy dia toy ny hoe mamadika sofina harenina Izy, tsy mandre ahy mihitsy Izy. Izy dia toy ny hoe tsy miahy intsony mihitsy Izy.”

<sup>82</sup> “Ankehitriny,” hoy izy, “jereo, ry Amrama, fa tahaka ny hoe tsy ianao izao. Tena dada iray ianao, ary ianao. . . Tahaka ny hoe tsy ianao izao, satria ianao foana no mampahery anay, miteny aminay mba hanana finoana an’Andriamanitra.”

<sup>83</sup> “Oh, saingy, ry malala, rehefa tena mivavaka betsaka aho, nefa mbola tsy mihaino ahy foana Andriamanitra, ary toy ny hoe miha-ratsy hatrany foana mihitsy ilay izy. Arakaraky ny hivavahako betsaka, no maha-miha-ratsy an’ily izy.”

<sup>84</sup> Fa, ry zazalahy sy zazavavy kely, mihaino vavaka ve Andriamanitra? [Hoy ireo zazalahy sy zazavavy hoe, “Eny.”—Mpand.] Mihaino vavaka Izy. Mamaly vavaka ve Andriamanitra? [“Eny.”] Hia. Mamaly haingana mihitsy ve izy? Tsy isan’andro. Izany ve Izy? Tsia. Matetika Izy dia mampiangry antsika. Marina ve izany? [“Eny.”] Saingy, mamaly vavaka Andriamanitra. Tsy izany ve Izy? Ary satria hoe miha-ratsy fotsiny ny zavatra rehetra, tsy izany no famantarana fa tokony

hitsahatra hivavaka isika. Manohy mivavaka fotsiny isika, na ahoana na ahoana. Sa tsy izany? Marina izany. Ankehitriny, marina ny navalinareo. Mamaly vavaka Andriamanitra. Ndao isika rehetra hilaza an'izany miaraka. “Mamaly vavaka Andriamanitra.” Eny. Tsy mampaninona ireo toe-javatra, mamaly Izy, na ahoana na ahoana. Eny àry.

“Eny, handeha hiakatra hivavaka indray ve ianao?”

<sup>85</sup> “Eny.” Ary nanana efitra miafina iray i dada tao ambony tao amin'ilay efitrano an-tampony izay nandehanany nivavaka. Noho izany dia niakatra tao izy tamin'io hariva io, nandohalika teo amin'ny sisiny izy, hoy izy, . . . Ankehitriny hoy izy hoe, “Ry Jokebeda, mandehana ianao ankehitriny ary mandehana matory, dia ianao sy ireo ankizy. Satria, aza manelingelina ahy, hivavaka mandritry ny alina manontolo aho angamba izao hariva izao.”

<sup>86</sup> Noho izany dia nandohalika tamin'ny lohaliny izy, ary nivavaka izy dia nivavaka izy. Hitako izy manangana ny tàmàny, ka manao hoe, “O Andriamanitr'i Abrahama, Isaka, ary an'i Jakoba, tsarovy ny Fampanantenanao ho an'ny Vahoakanao! Indro izahay aty Egipta lavitra aty, ary eo ambanin'ny fanandevozana izahay. Ary, oh, ireo mpampiasanay tsy mifaditrovana dia—dia manosika anay hanao an'ireo zavatra, ary mikapoka anay manerana, ka ny vahoaka mahantranay dia—dia voakapoka mitanjaka, ary mikaravasy anay amin'ny karavasy izy ireo. Fa Vahoakanao izahay. O Andriamanitra, azo antoka fa hihaino vavaka Ianao! Azo antoka fa hamaly vavaka Ianao! Ary mivavaka aho dia mivavaka aho ary mivavaka aho, nefa Ianao dia toy ny hoe tsy mamaly ahy akory aza Ianao. Saingy, Andriamanitra, mino aho fa Andriamanitra Ianao, ary hamaly vavaka Ianao amin'ny farany.” Dia nivavaka tahaka an'izany izy, saiky ny alina manontolo.

<sup>87</sup> Ary ny ampitso maraina, teo amin'ny telo na tamin'ny efatra teo, dia nidina an'ireo zana-tohatra kely izy. Ary nijery teo izy, ka teo ilay vady kely maha-te-ho tia, Jokebeda kely. Tafatory teo am-pandriana teo izy. Ary efa voapetraka teo am-pandriana i Arona kely sy i Miriama kely, noho izany dia natory arak'izay naha-izy azy mihitsy izy ireo, ary natory tanteraka. Eny àry. Milaza aminy izy. . . Hoy izy hoe, “Efa tara izao, nefa ianao dia vao tonga. . .”

<sup>88</sup> “Hia, nivavaka aho ny alina manontolo.” Nisy dian-dranomaso ireo masony, satria nitomany ho an'ilay vahoaka izy.

<sup>89</sup> Dia hoy izy hoe, “Jereo, ry Amrama, tsy tokony hasarotinao loatra ilay izy.”

<sup>90</sup> “Ankehitriny,” hoy izy, “henoy, ry malala. Tsara izany. Saingy jereo ankehitriny, manana an'ireo ankizy kely roa ho tezaina ianao. Ary ahy ilay enta-mavesatra. Raha tsy mivavaka ho an'ireo vahoaka mahantrantsika ny olona iray, dia ho lasa inona izy ireo? Inona no hitranga raha tsy mitondra

an'ireo vahoaka ao am-po ny olona iray? Tokony hivavaka ny olona iray.”

“Eny,” hoy izy, “Amrama, tsy anao avokoa akory ilay entamavesatra.”

<sup>91</sup> “Eny, toa izany ilay izy. Ary na ahoana na ahoana, hivavaka aho, na ahoana na ahoana, isan'andro!”

<sup>92</sup> Lasa niasa izy tamin'io andro io. Fa isan'andro dia tonga izy ka mandeha, ary ilay asa mafy iray ihany. Ary nanana asa sarotra iray izy. Izy dia tsy maintsy . . . Nandrarakana an'ireo fangaro tao anatin'ireo lasitra goavana be izy ireo, ka izy no tsy maintsy nitsangana teo akaikin'ilay lafaoro afo goavana. Rehefa nanokatra an'izany izy ireo, oh, oadray, dia saiky nanendaka ny hodiny izany, io hafanana mahatsiravina io! Izy no nanosika an'ireo biriky hiditra ao ary nahandro azy ireo, namoaka azy ireo; mba hanorenana an'ireo làlana goavana be, sy ireo tilikambo avo goavana be, ho an'ireo andriamanitra sampy sy ny rehetra. Ary niasa tahaka an'izany ity lehilahy tena Kristiana ity tany, ho an'ilay fahavalo. Fa andevo iray izy, tao anatin'ny fanandevozana. Tsy maintsy nanao an'izany izy.

<sup>93</sup> Isan-kariva rehefa tonga tao an-trano izy, dia nivavaka. Ary niakatra ny zana-tohatra indray, ka nivavaka sy nivavaka ary nivavaka, dia niverina nidina indray. Tsy nety tsaratsara kokoa ilay izy; nitohy niha-ratsy.

<sup>94</sup> Fa indray andro tany am-piasana dia nandre siosion-dresaka iray izy. Hoy izy, “Inona izany? Inona izany? Teneno amiko!” Ny olona iray nibitsibitsika tamin'ny anankiray hafa. Afaka kelikely, talohan'ny nahalasanan'ny andro, dia niely nanerana ny firenena ilay izy, izay hitranga.

<sup>95</sup> Inona izany? Hivory ny filan-kevitra tamin'io hariva io. Farao Mpanjaka antitra, ilay mpanjaka antitra ratsy fanahy dia hiantso ny vahoakany rehetra miaraka, ka hanao filan-kevitra goavana hafa iray. Noho izany dia nanao an'io fivorian'ny filan-kevitra io izy ireo tany.

<sup>96</sup> Noho izany dia niditra izy tamin'io hariva io, oh, valaka tanteraka izy. Miditra izy, ary hoy ny vadiny hoe, “Ry Amrama, malala.” Nitsena azy teo am-baravarana izy ka nanoroka azy, ary nanao hoe, “Nataoko tena tsara sady mafana mihitsy ny sakafo harivanao. Saingy,” hoy izy, “ry malala, toa tena hatsatra ianao. Inona ny olana?”

<sup>97</sup> Hoy izy, “Oh, ry Jokebeda, raha mba fantatrao fotsiny mantsy izay miseho! Oh, ratsy kokoa nohon'ny hatramin'izay ilay izy!”

“Inona?”

<sup>98</sup> “Sh-sh, tsy afaka miteny an'ilay izy aho, eto ireo ankizy. Andraso aorian'ny sakafo hariva, dia ho teneniko aminao ny mikasika azy.”

“Eka.”

<sup>99</sup> Noho izany, dia nataony vonona ny sakafo hariva. Koa namboariny tsara ny sakafo hariva, ary nalainy ireo ankizy dia napetrany teny am-pandriana izy ireo.

<sup>100</sup> Noho izany, dia niditra izy ireo. Hoy izy hoe, “Ry Jokebeda, te-hiteny zavatra aminao aho.” Hoy izy, “Iray amin’ireo zavatra mahatsiravina indrindra no hitranga.”

“Inona?”

<sup>101</sup> Hoy izy, “Hanao filan-kevitra hafa iray izy ireo androany, izao hariva izao. Ary rehefa manao izy ireo, dia hametraka entamavesatra hafa sasany eo amintsika vahoaka.”

<sup>102</sup> Koa, noho izany, ndao isika handeha ho any amin’ilay lapan’ny mpanjaka. Farao Mpanjaka no nitondra azy rehetra teo, ary nanao hoe, “Eny àry, ianareo jeneraly rehetra! Inona ny olana aminareo eto? Manome ny baikoko aho eto! Mitombo isan’andro ity vahoaka ity! Inona ny olana? Tsy afaka mampijanona an’izany ve isika?” Hoy izy, “Ho tonga tafika hafa iray eto izy ireo indray andro any. Ary ireto fahavalontsika rehetra ireto, avy any Gosenana any, ireto Isiraelita ireto, dia hanakambana ny tenany amin’io tafika io, ka handresy antsika izy ireo. Ary ho potika tanteraka ny toe-karentsika lehibe, ho rava ny fanjakantsika lehibe. Haka antsika izy ireo. Inona ny olana aminareo? Mitenena, ny olona iray! Tsy mahafantatra zavatra ho lazaina ve ianareo?” Oh, nasiaka izy, ary tena nasiaka. Ny jeneraly rehetra, nangovitra.

Nitsangana ny iray tamin’izy ireo, ka nanao hoe, “Ho ela velona anie Farao Mpanjaka.”

“Eny, lazao izay ho lazainao!”

<sup>103</sup> Hoy izy, “Ho ela velona anie ny mpanjaka. Manaja anao, tompoko,” hoy izy, “maniry aho ny hametrahanao entamavesatra amboniny eo amin’ireo vahoaka.”

<sup>104</sup> “Vendrana ianao! Efa nametraka enta-mavesatra betsaka teo amin’ireo vahoaka ianao, kanefa dia mbola mitombo izy ireo. Nahoana, ianao, raha izay ihany no hevitra anananao, dia tazòny ho anao irery izany!” Oh, henjana izy.

<sup>105</sup> Afaka kelikely dia nitsangana ny anankiray, tsiky goavana be no teo amin’ny tavany, tahaka ny devoly. Dia hoy izy hoe, “Ho ela velona anie Farao Mpanjaka.” Hoy izy, “Manana hevitra aho.”

Hoy izy, “Eny, mitenena! Aza mitsangana eo tahaka an’izao!”

<sup>106</sup> Hoy izy hoe, “Ho teneniko aminao izay azontsika hatao.” Hoy izy, “Fantatrao, mitombo haingana mihitsy ireo vahoaka ireo.”

<sup>107</sup> “Eny, marina izany!” Hoy izy, “Ny sasany amin’izy ireo, ny sasany amin’ireo vahoaka ireo aza dia manana zanaka maro

efatra ambin'ny folo, indraindray dia manana zanaka roapolo izy ireo. Nefa ny vahoakantsika dia tsy manana anankiray angamba.” Hoy izy, “Mitombo haingana mihitsy izy ireo, mameno ny firenena manontolo fotsiny.”

<sup>108</sup> Hitanareo, teo am-panaovana zavatra iray Andriamanitra. Hitanareo, mametraka foana an'ilay volon'ondry eo amin'ny mason'ny devoly Andriamanitra, hitanareo. Hitanareo? Fantany izay Ataony. Hitanareo? Fa nanana zanaka maro fotsiny ireo vehivavy rehetra ireo.

<sup>109</sup> “Nahoana,” hoy izy, “ho ela velona anie ny mpanjaka. Eny, ho teneniko hoe inona. Isaky ny miteraka zazalahy kely iray ny vehivavy iray. . . Mivoaha eto amin'ny firenena eto ary alaivo ireo vehivavy sasantsasany, dia izay tsy reny. Hitanao, ireo vehivavy izay tsy nanana zanaka mihitsy, ireo vehivavy izay tsy mila zanaka sy tsy tia zanaka, ireo mpamosavivavy antitra lava orona. Hitanao, izay lava orona indrindra, no tsaratsara kokoa! Ireo antitra lava rantsan-tànana, miloko tarehy, dia alaivo izy ireny. Tsy fantatr'izy ireo hoe inona ny fitiavan-dreny iray. Koa amin'izay fotoana izay rehefa zazalahy kely iray no ho teraka, nahoana, dia aoka izy ireo handeha ka haka an'ilay zazalahy kely, sy hitondra azy hivoaka ka hanakapoka ny lohany amin'ny rindrina, hanipy azy indray ao an-tranon'ilay reny tahaka an'izany. Hanipy azy ao anatin'ny fantsakana goavana iray. Oh, tsaratsara kokoa noho izany, ento mivoaka izy ka afatory ny tânany sy ny tongony, ary atsipazo izy, dia hanatavy an'ireo voay. Tahaka an'izany no ialana aminy. Amin'izay fotoana izay dia tsy hitombo betsaka izy ireo, satria tsy hisy lehilahy ho tavela intsony; Maty ireo zazalahy kely rehetra.”

<sup>110</sup> “Oh,” hoy Farao, “tsara izany! Hevitra tsara iray izany!” Hitanareo ve hoe inona ilay devoly? Ratsy fanahy izy, sa tsy izany? Hoy izy, “Noho izany dia izay no zavatra hatao! Mandehana alaivo. . . Ianao no nanana. . . Ankehitriny, satria ianao no nanana an'ilay hevitra, dia hanao anao ho mpanaramaso an'izany aho. Mandehana ianao ary alaivo ny vehivavy antitra rehetra izay fantatrao, izay—izay tsy mbola reny mihitsy, ka tsy tia zanaka izy ireo. Ary izy ireo dia. . .” Izy ireo. . .

<sup>111</sup> Hitanareo, mila ho reny iray mba hitia zanaka iray. Tsaroanareo ve hoe toy ny ahoana no nitiavan'ny reny anareo? Eny, jereo ankehitriny, fa tia an'ireo zazakely ny reny.

<sup>112</sup> Saingy tsy maintsy naka olona iray izy ireo izay—izay izy ireo tsy. . . izay tsy nanana zanaka, tsy nila zanaka, izao fotsiny—izao fotsiny—vehivavy antitra tena masiaka fotsiny. Dia hoy izy, “Ataovy polisy izy ireo. Ary rehefa ataonareo polisy izy ireo, dia omeo baiko mba ahafahany miditra any amin'ny trano rehetra izay tiany idirana, ary haka ny zaza kely rehetra ka hanakapoka ny lohany amin'ny rindrina, ary hanome azy mba ho

hanin'ny voay. Ny zaza kely rehetra!” Oh, tsy mifaditrovana toy ny ahoana! Noho izany dia fantatrarero ve izay nataon'izy ireo?

“Eny àry, tsara izany!”

<sup>113</sup> Noho izany ny ampitso rehefa teo am-piasana i Amrama tany, dia henony fa notapahana io hevitra io.

<sup>114</sup> Oh, mandeha mody izy. Hoy izy hoe, “Oh, ry Jokebeda! Oh, ry malala, mamelà ahy hiteny zavatra aminao. Fantatrao ve hoe inona ilay baiko, notapahana? Hamono ny zazalahy kely rehetra.” Dia noteneniny taminy. Hoy izy, “Oh, tsy afaka mahatanty an'izany mihitsy aho.” Nandeha niakatra tany ambony indray izy, mba hivavaka. Tamin'io hariva io dia nivavaka tsy tahaka ny tany aloha mihitsy izy.

<sup>115</sup> Natao hitohy hivavaka ve isika? Oh, manohiza mivavaka! Marina ve izany? Manohiza mivavaka fotsiny, tsy mampaninona izay miseho. Manohiza mivavaka!

<sup>116</sup> Ankehitriny, ary ny zavatra voalohany fantatrarero, nivavaka izy ny alina manontolo hoe, “O Andriamanitra, mamindrà fo! Manampia, Andriamanitra! Mivavaka izahay mba Hanampiana an'amin'ny fomba iray.” Nidina indray izy, teo amin'ny fiposahan'ny andro.

<sup>117</sup> Isan'andro isan'andro, ary, oh, fidradradradrana toy ny inona no nanerana an'ilay firenena! Isan'andro dia nandre reny miantsoantso izy ireo, teo amin'ireo làlana ambony sy ambany. Nalain'izy ireo avy teny amin'ny sandriny ny zaza kelin'izy ireo, ireo zazalahy keliny, mahafatifaty keliny. Niditra tao ireo mpamosavivavy antitra ary, nandray an'ireo tongokeliny, ary nanakapoka azy ireo tamin'ny rindrina ka namono azy ireo, ary nanipy azy ireo tany amin'ireo voay. Nandohalika tamin'ny lohaliny ireo reny mahantra, ary nitaraina hoe, “Oh, aza alaina ny zazakeliko! Aza alaina ny zazakeliko!” Ary, oh, fotoana toy ny inona no nananan'izy ireo!

<sup>118</sup> Fantatrarero hoe toy ny ahoana no itiavan'ny reny ny zaza kely, sy hoe ahoana no andraiketany azy ireo eo amin'ny saokany. Tsaroanareo hoe toy ny ahoana no nitondran'ny reny anareo sy—sy nanasany anareo, ka nanorohany anareo, ary—ary—ary nilaza taminareo hoe tsara tarehy toy ny ahoana ianareo. Ary toy ny ahoana no nametrahany anareo teo am-pandriana amin'ny alina. Ary, oh, raha—raha ianareo no . . . vao nisokatra ny varavarana kely iray, misy tso-drivotra kely iray mandalo, zavatra tahaka an'izany, oh, oadray, dia mihazakazaka haingana mihitsy izy ary manidy an'ilay varavarana, mandrakotra an'ilay zaza kely, ary, fantatrarero, raisiny izy. Tia anareo izy. Hitanareo? Tia anareo izy. Oh, tiany io zavatra mahantra kely izay nomen'Andriamanitra azy io, izay tsy manana mpanampy sady tsy afaka manampy ny tenany, noho izany dia tiany io zaza kely io. Ary nanoroka fotsiny an'ireo zaza keliny izy ka nilalao niaraka tamin'izy ireo, satria tena reny iray izy. Hitanareo?

119 Fa ireto reny ratsy izay mamono an'ireo zazakely ireto, dia tsy fantatr'izy ireo hoe inona ny fitiavan-dreny. Tsy reny izy ireo. Ny hany noheverin'izy ireo fotsiny, dia hoe nanana fotoana goavana fotsiny izy ireo tao an-tsainy, ireo zavatr'izao tontolo izao, noho izany dia niditra izy ireo ka namono an'ireo zaza kely ireo. Tanora loatra ianareo ka tsy mahafantatra, saingy mbola miseho foana izany. Marina izany. Ankehitriny dia ianareo lehibe no mahafantatra an'izay resahako. Marina izany, be loatra an'izany! Oh, hoy ianareo hoe, "Izaho tsy handray . . ." Saingy ny resaka fanalan-jaza dia ilay zavatra iray ihany. Eny àry, saingy hitanareo fa tsy fantatr'izy ireo hoe inona no fiainan-dreny. Ankehitriny dia fantatrareo izay tiako ho lazaina rehefa milaza aho hoe "tena reny"! Marina izany. Tsy samihafa; ilay devoly iray ihany! Noho izany eo, avy eo, izy ireo . . . Eritrereto fotsiny ireo an-tapitrisany tapitrisa, isan-taona, ratsy tahaka ny tany Egypta izany, na ratsy lavitra.

120 Ary tany, tamin'izay fotoana izay, dia niditra izy ireo, tsy nanana ny fitiavan-dreny, noho izany dia nalainy ireo zaza kely ireo ka novonoiny izy ireo. Oh, nitohy niha-ratsy sy niha-ratsy ilay izy. Ary indray andro dia tonga ny siosion-dresaka hafa iray tany, hanao fivoriana hafa anankiray izy ireo.

121 Niantso an'ireo mpanolo-tsainy rehetra niaraka i Farao, ary izy rehetra niaraka. Niditra teo izy ireo. Hoy izy, "Eny àry, mbola mitombo foana izy ireo! Inona no hataontsika mikasika an'izany ankehitriny?"

122 Io zalahy fetsy ratsy io ihany, tarehin-devoly malama vava, no nitsangana. Hoy izy hoe, "Ho ela velona anie Farao Mpanjaka. Manana hevitra aho. Jereo, asainareo miasa ny lehilahy. Asainareo manao fatana amin'ny biriky izy ireo, tena betsaka isan'andro, asainareo manao azy ireny amin'ny mololo izy ireo. Novoinareo ireo—ireo ankizy kely sy ny sisa, nefa mbola mitombo foana izy ireo. Ny zavatra tokony hataonareo, dia ny manao an'ireo vehivavy hiasa, ihany koa. Raha manao an'ireo vehivavy hiasa ianareo, amin'izay fotoana izay izy ireo dia tsy . . ." Ankehitriny, tsy izany no toeran'ny vehivavy. Tsia. Noho izany dia hoy izy ireo hoe, "Fa asaivo miasa ireo vehivavy, ary apetraho eo izy ireo, dia aoka izy ireo hanao biriky, ihany koa. Ary amin'izay fotoana izay dia ho tena reraka izy ireo rehefa miditra, izy ireo—tsy afaka hahandro ny sakafo harivan'ny vadiny izy ireo, tsy afaka ny ho mama tsara iray izy ireo, hitanareo. Ary noho izany dia raha mandeha miasa izy ireo ka manohy tahaka an'izany, amin'izay fotoana izay izy ireo—tsy afaka hahavita an'izany izy ireo. Noho izany, izy ireo dia asaivo miasa, ihany koa."

123 "Tsara izany! Oadray, lehilahy hendry ianao." Noho izany dia asainy miasa ny vehivavy rehetra.

<sup>124</sup> Dia indro tonga i Amrama antitra mahantra, tonga tamin'io hariva io, hoy izy, “Oh, ry Jokebeda, tsy fantatro izay hataontsika. Ankehitriny dia hanao ny vehivavy rehetra hiasa izy ireo. Izaho—teneniko aminao, oh, tsy fantatro fotsiny izay hatao! Isika dia—isika dia—isika fotsiny dia . . . Andevo isika, ary miha-ratsy sy miha-ratsy isika. Izaho—hilaza mialoha an'izao aho: raha mba hanao zavatra iray ho antsika Andriamanitra, dia ho aorian'ny hahafatesantsika rehetra izany.”

<sup>125</sup> Ankehitriny, tsy miandry tahaka an'izany Andriamanitra. Sa tsy izany Izy? Tsia. Mandinika antsika fotsiny Andriamanitra indraindray. Sa tsy izany Izy? Eny àry.

<sup>126</sup> Koa noho izany tamin'io hariva io, dia hoy izy hoe, “Hiakatra aho ary hivavaka tsy tahaka ny nivavahako tany aloha mihitsy!”

<sup>127</sup> Ankehitriny, tahaka an'izany no ivavahana. Sa tsy izany? Mivavaha tsy tahaka ny nivavahanareo tany aloha mihitsy, midira marina mihitsy ao amin'ilay asa! Hitanareo, raha manatona fotsiny ianareo ka manao hoe, “Tompo, tahio *Ranona-sy-ranona-sy-ranona*.” Andriamanitra tsy—tsy liana betsaka amin'izany. Fa rehefa tena mitsofoka lalina amin'ilay asa ianareo! Rehefa mivavaka ianareo zazalahy sy zazavavy kely, dia midira lalina ao amin'ilay asa! Manao an'izany ve ianareo any an-tsekoly? Ianareo ve—mangataka amin'Andriamanitra ve ianareo mba hanampy anareo any an-tsekoly? Rehefa—rehefa mandeha mankany an-tsekoly ianareo, ka tsy mahazo naoty tena tsara, dia midira ka manaova hoe, “Andriamanitra, izaho—tiako Ianao hanampy ahy.”

<sup>128</sup> Mivavaka ve ianareo? Firy ny zazalahy sy zazavavy kely mivavaka? Aoka ho hitanay ny tanaanareo. Oh, mahafinaritra izany. Ankehitriny, tsara izany. Manana toera-miafina iray ve ianareo rehefa mandeha mivavaka, izay tsy hitan'i mama sy dada akory aza? Mivavaka tahaka an'izany ve ianareo? Ianareo, tsy mivavaka tahaka an'izany ve ianareo? Manàna toerana kely iray, mitsofoha dia mivavaha, ary lazao ny vavaka kelinareo. Milaza an'ilay izy isak'alina ve ianareo alohan'ny andehananareo eny am-pandriana? Rehefa mifoha ianareo ny maraina . . . ? . . . Oh, tsara izany. Firy ireo zazalahy sy zazavavy kely hafa, atsangano ny tanaanareo, izay mivavaka, manerana ny tranobe. Oh, tsy mahafinaritra ve izao! Eny, ankehitriny, tsara izany. Izany no maneho fa manana tena reny sy ray iray ianareo izay mampianatra anareo hanao an'ireo zavatra ireo. Ankehitriny, ankehitriny rehefa tena manana ilaina ianareo, dia tsaratsara kokoa aminareo ny mivavaka am-pahatsoram-po. Sa tsy izany?

<sup>129</sup> Noho izany, Amrama kely, miakatra any ambony izy. Oh, oadray! Tsy nila sakafo hariva izy. Hoy izy hoe, “Ratsy loatra ilay izy. Oadray!”

“Oh,” hoy izy, “tsy maintsy mihinana sakafo hariva ianao, ry dada.”



“Tsy afaka manao an'ilay izy mihitsy aho, ry Jokebeda. Tsy afaka manao an'ilay izy mihitsy aho. Izaho—izaho . . .”

<sup>130</sup> “Oh,” hoy izy, “fa very lanja ianao, ary mikorontan-tsaina, sy hatsatra ianao eo amin'ny tavanao. Aloanao ny sakafonao, sy ny sisa.”

<sup>131</sup> “Oh, tsy fantatro izay hatao! Saingy,” hoy izy, “ry malala, raha tsy mitondra ny vahoaka ao am-po ny olona iray, raha tsy mivavaka ho an'ny vahoaka ny olona iray, dia inona no hataontsika? Miha-ratsy isika. Azo antoka, fa indray andro, dia hihaino Andriamanitra!”

<sup>132</sup> Eny, marina izany. Marina izany. Hihaino Andriamanitra. Mitsofoha lalina amin'ilay asa dia mijanona fotsiny eo!

<sup>133</sup> Oh, hafa ny andehanany miakatra amin'ity fotoana ity. Rehefa miakatra any ambony izy amin'ity fotoana ity, dia mandohalika izy, atsangany ambony ny tanany, miantsoantso hoe, “Andriamanitra, miresaka Aminao aho ankehitriny!” Amena. Manao an'ilay asa! “Andriamanitra, Ianao dia manantsofina, ary afaka mandre Ianao. Ianao dia manana maso, ary afaka mahita Ianao. Ianao dia manana fahatsiarovana; Ianao dia mahafantatra Ny Teninao. Ianao dia mahafantatra ny Fampanantenanao. Miangavy Anao aho, Andriamanitra, mijere ambany eto! Ilay Andriamanitr'i Abrahama, Isaka, ary Jakoba, fa ao anatin'ny fahoriana ny Vahoakanao, ary eo am-pahafatesana izy ireo. Manaova zavatra ho anay, Andriamanitra!” [Mandondona intelo ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] “Tsy maintsy mahazo Anao izao dia izao izahay! Tsy maintsy mahazo Anao mihitsy izahay, raha tsy izany izahay dia ho levona. Tsy maintsy mahazo Anao izahay. Tsy maintsy mahazo izahay, raha ho velona.” Izany rehefa tena mivavaka ianareo. Oh, nivavaka izy!

<sup>134</sup> Fantatrareo, indraindray ny olona rehefa mivavaka, dia miha-reraka izy ireo. Sa tsy izany, ry reny sy dada? Oh, tena miha-reraka! Rahalahy Branham indraindray dia tena miha-reraka hany ka saiky torana aho rehefa mandeha mivavaka ela be; torana fotsiny, mandeha tsy mihinana, sy ny sisa, mandritry ny andro maro; dia mivavaka sy mivavaka sy mivavaka, ary mitory teny. Ary tonga eo amin'ny toerana izay maha-torana ahy mihitsy aho, saiky. Ary indraindray ny olona dia lasa tahaka an'izany. Tsy izany no fotoana hialana. Manohiza! Hamaly Andriamanitra! [Mandondona intelo ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Eny, tompoko. Manohiza mihazona! Eny, tompoko.

<sup>135</sup> Noho izany izy dia miakatra an'ireo zana-tohatra kely, tranainy midridrodridro. Ary toa hitako i Jokebeda mandalo, ka manao hoe, “Oh, Amrama, tsia. Ry malala, izaho—izaho dia mino . . .”

<sup>136</sup> “Ankehitriny, Jokebeda, jereo, ianao dia mahafinaritra, maha-te-ho tia . . .” Izy dia reny mahafinaritra iray, tsara tarehy kely. Koa nanoroka azy teo amin’ny takolany izy, fantatrarao, ary nikapokapoka azy tahaka an’izao. Hoy izy, “Ankehitriny, ry neny, mandehana miverina ka apetraho i Arona sy—sy Miriama kely ho eny am-pandriana. Ary handeha hiakatra hivavaka aho. Ary ankehitriny, raha mandre ahy mitomany ianao, dia aza miakatra.”

<sup>137</sup> “Eny, saingy, ry Amrama, inona no hataonao, malala? Ianao, ianao dia saiky toy ny maty.”

<sup>138</sup> “Eny, saingy izaho—manana enta-mavesatra ato am-poko aho ho an’ny olona. Tsy maintsy manao zavatra aho mikasika an’izany. Tsy maintsy mijanona eo amin’ny lohaliko aho. Ary noho izany ny olona rehetra . . .” Hoy izy hoe, “Androany, androany fotsiny, tany amin’ny fanaovam-biriky, tany aho, dia nanohy nilaza hoe, ‘Eny, azo antoka, fa hihaino Andriamanitra!’ Dia nanatona ny lehilahy antitra goavana iray, nametraka ny tàmàny teo amin’ny valahany, ka nanao hoe, ‘Rahoviana Izy no hihaino? Rahoviana Izy no hihaino?’ Hitanao ve fa na ny olona aza dia lasa mahery setra? Lasa manohitra an’Andriamanitra izy ireo, satria mivavaka izy ireo sy mivavaka ary mivavaka, nefa tsy misy na inona na inona nitranga. Ary ity anankiray ity dia mivavaka sy mivavaka ary mivavaka, nefa tsy misy na inona na inona nitranga. Ary hoy ireo mpisorona rehetra hoe, ‘Efa lasa ireo andron’ny fahagagana, ka ny zavatra tokana izay azontsika hatao dia ny miondrika avy hatrany mihitsy eo amin’ireo mpampiasa ratsy izay manompo mpanompo sampy ireo, na ireo andriamanitra mpanompo sampy, sy ny sisa. Ka inona no azontsika hatao?’” Fa hoy izy hoe, “Saingy mino an’i Jehovah aho! Amena! Mino aho fa mbola mamaly vavaka Izy!”

<sup>139</sup> Mino an’izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena!”—Mpand.] Mino an’izany ve ianareo? Amena! Ianareo rehetra izay mino an’izany, dia manaova hoe, “Amena.” [“Amena.”] Mbola mamaly vavaka! Eny àry.

<sup>140</sup> Ilay vatana antitra kely mahia, very lanja betsaka. Mandeha miakatra an’ireo zana-tohatra midridrodridro izy, mandeha eo izy ary mandohalika. Hoy izy hoe, “O Jehovah!” Oh, nivavaka tsy tahaka ny nivavahany tany aloha mihitsy izy! Hoy izy hoe, “Jehovah, mijere eto! Tena Andriamanitra Ianao. Mino izahay fa manana sofina Ianao. Mino izahay fa manana maso Ianao. Ary mahafantatra ny zavatra rehetra Ianao. Ary mino izahay fa Ianao no Andriamanitra ny Hebreo, ary izahay no vahoakan’ny teny fikasana. Mino izahay fa mihazona Ny Teninao Ianao.” Hoy izy, “Jereo ireto mpanompo sampy eto ireto, mora vidy toy ny ahoana no andraisany ny asa mafinay, ka manorina làlana goavana be sy sampy izy ireo, sy ny zavatra rehetra. Ianao, Jehovah, hipetraka ao An-danitra ve Ianao ka hamela an’ireo

mpanompo sampy hanapaka Anao? Tsy mino aho fa hanao an'izany Ianao.” Amena!

<sup>141</sup> Mbola tsy mino aho fa hanao an'izany Izy! Amena! Rehefa tonga ny devoly; mbola Andriamanitra foana Andriamanitra! Marina! Tsy hamela an'ireo devoly ireo hanao an'izany Izy. Mino aho fa, androany, hoe rehefa ny lamaody sy ny hadalana, ary io fahadalana rehetra miseho io; dia mbola, mbola Andriamanitra foana no manjaka ary mbola Andriamanitra foana Izy! Marina! Ny ilaintsika dia olona iray tahaka an'i Amrama, manana an'ilay enta-mavesatra ao am-pony, izay hijanona eo ka hivavaka ho an'izany hatramin'ny farany, mandra-pahatriatry ny Lanitra hisokatra any, ka midina Andriamanitra ary mamaly vavaka. Amena.

<sup>142</sup> “Ankehitriny mijere eto,” hoy izy, “Andriamanitra, hamela an'ireo mpanompo sampy haneso ny Vahoakanao tahaka an'izao ve Ianao? Lasa ny herinandro sy ireo volana ary ireo taona. Mivavaka tsy ankitsahatra izahay, miaraka amin'ny ranomaso, saingy... [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] O Andriamanitra, hamela ny zavatra tahaka an'izany ve Ianao?”

<sup>143</sup> Manontany aho androany, fa rehefa natsipy tao anatin'ny renirano sy lavapinga ireo zaza kely an-jatony, ka tsy navela ho velona, ary ireo resaka fanalan-jaza sy ny zavatra hafa atao; O Jehovah, hamela ny karazan-javatra tahaka an'izany hitohy ve Ianao? [Nandondona in-enina ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Amin'izao andro izao, nefa ny whisky sy ny labiera, ary ny fiainana amin'ny alina, sy ny zavatra rehetra, dia mihorakoraka. Ary na dia ny polipitra aza dia lasa tena malemy hany ka matahotra ny hilaza zavatra mikasika an'izany izy ireo. Jehovah, hamela ny hadalana tahaka an'izany hitohy ve Ianao? Hamaly Izy indray andro any. Oh, mahatahotra ny Fahatezerany rehefa tonga izany. Eny, tompoko. Mivoaka ireo vehivavy ka manao ny mason'ny zanany ho fametrahan-tsigara, handatsahana an'ireo lavenona, sy ny zavatra rehetra. Ary ny olona dia mitondra ny zanany kely mankany amin'ireo trano fisotroan-dabiera, mipetraka eo ireo zazavavy sy zazalahy kely, enina na valo taona, misotro, sy ny sisa tahaka an'izany. Dia manao an'izany ho ara-dalàna ny firenena, ka hoe, “Mety tsara daholo izany.” Oh, oadray! Mihevitra ve fa tsy hitan'i Jehovah izany? Nefa, maneso an'ireo olona izay tena mahitsy amin'Andriamanitra mihitsy aza izy ireo. Ny zavatra rehetra izay miseho, dia esoina. Mihazòna, manohiza mihazona fotsiny! Hamaly Jehovah. Aza manahy. Eny àry.

<sup>144</sup> Handeha lavidavitra kely isika. Hitantsika izy ao ambony ao mivavaka. Ary tena reraka izy, mandry izy. Mivavaka fotsiny izy hany ka lavo teo amin'ny gorodona mihitsy. Tsy afaka mandeha lavidavitra intsony izy, ka niala sasatra kely. Nifoha izy. “Inona ny olana? Jereo manodidina eto! Avy taiza io Hazavana io? Oh, jereo, mijoro eo amin'ny zoron-trano.” Nitsangana teo ny Anjely

iray, nihantona teo amin'ny Valahany ny Sabany. Oh, nijery indray izy, dia nokosehany ny masonry. Nitsangana tamin'ny lohaliny izy, hoy izy hoe, “Tompo, oh, oh, inona—inona no Ilainao amiko?”

<sup>145</sup> Hoy Izy hoe, “Amrama, Izaho no Anjelin'Andriamanitra. Nirahina avy tany An-danitra Aho, mba hiteny aminao fa nandre ny vavakao Andriamanitra. Ary tonga Aho hiteny aminao fa handefa mpanafaka iray Izy. Tsaroany ireo Fampanantenany rehetra.” Hitako ilay Anjely ankehitriny; jereo Izy, mamoka an'io sabatra io Izy. Manondro an'izany mankany avaratra Izy. Nijery Amrama. Hoy Izy hoe, “Ny lohan'ity sabatra ity dia mipetraka eo amin'ilay tany nampanantenaina mihitsy. Ary Izaho no nampanantena an'i Abrahama, Isaka, ary Jakoba, ireo razanao, fa ny vahoakanao no handova an'io tany io. Ary efa Reko ny tolokon'ny olona, efa Reko ny fitarainan'ireo zanaka, ka midina Aho. Ary Tiako ho fantatrao fa ianao no hilalao ny ampahany lehibe an'io, ry Amrama, satria nahatoky tamin'ny vavaka ianao. Nahatoky ianao tao amin'ny ankohonanao. Ary saiky amin'ny fotoana toy izao amin'ny taona manaraka, Jokebeda, ny vady kelinao maha-te-ho tia, dia hanoroka zazalahy kely iray. Ary ho mpanafaka iray io zazalahy kely io.” Voninahitra!

<sup>146</sup> Hoy izy hoe, “Oh, eny. Eny. Oh, eny. Eny. Oh, tena tsara tarehy Izy.” Nijery izy, ary nanomboka niakatra ilay Anjely. Toy ny hoe nisokatra tanteraka mihitsy ireo lanitra manontolo, ary nivoaka ny efitra Izy. Niandry vetivety izy. Hoy izy hoe, “Oh, tsy any ivelan'ny tenako aho.”

<sup>147</sup> Nandeha nidina ny tohatra izy, haingana mihitsy, ka nanao hoe, “Jokebeda! Jokebeda, haingana mihitsy!”

Hoy izy, “Eny, inona ny olana, ry malala?”

<sup>148</sup> Hoy izy, “Mipetraha!” Ary ny hazavan'ny volana izay namiratra teo amin'ny varavarankely, dia... Tsara tarehy izy. Dia hoy izy hoe, “Vao avy nahita Anjelin'Andriamanitra iray aho, ary Izy no niteny tamiko an'ireo zavatra rehetra ireo.”

“Oh, toy ny ahoana Izy?” hoy ilay reny. “Toy ny ahoana Izy?”

<sup>149</sup> Hoy izy, “Oh, tsara tarehy Izy. Nanao akanjo mamiratra Izy. Nanjelanjelatra ireo Masony. Ary nanana sabatra iray Izy teny an-Tânany, ary Natondrony nankany avaratra izany.” Tahaka an'izany, fantatrarao, ny fipetrak'ilay tany nampanantenaina avy ao Egipta; taty ambony, Palestina. Hoy izy hoe, “Nanondro nankany avaratra Izy. Ary nilaza Izy fa hahazo zaza isika saiky amin'ny fotoana toy izao amin'ny taona manaraka, ary io zaza kely io dia ho tonga ka ho mpandresy, ary hanafaka ny Vahoakany. Oh, haleloia, ry Jokebeda!”

<sup>150</sup> Ary nahamarika izy fa fotsy izy. Ny tavany, tsy nihetsika ny masonry, nijery ireo masonry lehibe. “Jokebeda, inona ny olana?”

“Oh, ry Amrama! Tsia, tsia, tsia! Hahazo zazalahy kely ve isika?”

“Eny.”

<sup>151</sup> “Oh, ianao . . . Tsy mety izany. Mba fantatrao moa? Oh, raha tsy nanana an’io fahitana io mihitsy ianao. Mba fantatrao moa, Farao, eo am-pamonoana an’ireo zaza kely rehetra izy.”

<sup>152</sup> “Eny. Saingy, fantatrao, raha Andriamanitra no manome antsika an’io zaza io, dia Andriamanitra no hikarakara an’ily zaza. Amena! Andriamanitra no nampanantena. Andriamanitra no hikarakara azy.”

<sup>153</sup> Eny, mandeha miasa izy ny ampitso. Ary ireo olona rehetra tany ireo, dia manamarika an’i Amrama. Raha tokony ho tonga, fantatrarao, niondrika ambany sy sasatra; dia nampakatra ny sorony, nanao hoe, “Andefaso biriky sasany amboniny aho. Alefaso, ndao isika handeha!”

“Inona ny olana?”

“Voninahitra ho an’Andriamanitra! Hamaly vavaka Andriamanitra.” Oh, tsia . . .

<sup>154</sup> Fantatrarao, manao anareo hahatsapa ho tsara ilay izy rehefa mahazo valiny iray ianareo. Tsy fantatsika ve izany, ry papa sy mama, rehefa manome valiny iray Andriamanitra? Tsy mila mahita fahitana iray ianareo. Mahafantatra fotsiny fa eo ilay valiny, dia izay ihany. Izay ihany, mahafantatra fotsiny fa eo ilay valiny.

<sup>155</sup> Ankehitriny, henoy tsara ankehitriny, tiako ianareo hihaino, izay nitranga. Fantatrarao ankehitriny, afaka kelikely, dia hoy izy, “Eny àry, Amrama, inona ny olana aminao?”

<sup>156</sup> “Hamaly vavaka Andriamanitra! Hamaly vavaka Andriamanitra!”

“Eny, ahoana no Hamaliany vavaka?”

“Tsy manao fahasamihafana izany.”

<sup>157</sup> Nandroso ny zalahy antitra iray, ka nanao hoe, “Ankehitriny rahoviana no heverinao fa mba Hamaliany vavaka?”

<sup>158</sup> “Eny, tsy hiteny aminao aho, satria tsy mpino iray ianao, na ahoana na ahoana. Andefaso biriky sasany amboniny aho.” Nanipy azy ireny tao anatiny tao tahaka an’izany! . . . ? . . . Aza miraharaha; tsy mila miteny ny zavatra rehetra amin’ireo tsy mpino ianareo. Sa tsy izany? Aza manao fahasamihafana. Tsia, tempoko. Tsia tokoa. “Andefaso biriky sasany amboniny aho. Haleloia! Mamaly vavaka!” Tahaka an’izany no tsapanareo rehefa fantatrarao fa hitranga ilay izy. Sa tsy izany? Eny, tempoko.

“Eny, ahoana no Hanaovany an’izany?”

159 “Tsy fantatrarero, na ahoana na ahoana, noho izany dia manohiza mandefa biriky fotsiny.” Apetraho ao anatin’ny ao izy rehetra, ataovy ao anatin’ny ao ireo biriky tranainy rehetra.

160 Nandeha nody izy tamin’io hariva io, nanao hoe, “Oh, ry Jokebeda, eritrereto izany, hahazo zaza iray isika! Oh, izy no ho mpanafaka! Andriamanitra no handefa azy. Oh, hahafinaritra izany.”

“Oh, saingy izaho tena . . .”

161 “Oh, aza manahy! Aza manahy! Oadray! Andriamanitra dia eo—eo amin’ny lafin’ny fihainoana Andriamanitra ankehitriny. Manana sofina Andriamanitra; afaka mandre Andriamanitra. Manana tãnana Andriamanitra; afaka manafaka Izy.” Noho izany, oh, nanana finoana betsaka izy.

162 Fantatrarero, rehefa mivavaka hatramin’ny farany ianareo, dia mahazo valiny, manana finoana betsaka tokoa ianareo amin’izay fotoana izay. Oh! Efa mba nivavaka ho an’ny zavatra iray ve ianareo, ka fantatrarero fa nanao an’izany ho anareo Andriamanitra? Manao an’izany ve ianareo zazavavy kely, sy ianareo zazalahy kely? Hia. Azo antoka. Izany ilay izy rehefa Izy. . . Izany ilay izy rehefa fantatrarero fa hitranga izany. Eny àry.

163 Lasa ny taona iray manontolo. Ary ny zavatra voalohany fantatrarero, indro tonga i Amrama avy niasa indray andro. Dia inona no nitranga? Ilay zaza kely mahafatifaty indrindra, oh, malala kely iray izy, saiky tahaka an’izao ny halavany. Ary noho izany dia noraisiny izy, nanolotra azy ho an’i Amrama. Dia norohany izy, fantatrarero. Tiany izy, hitanareo. Ary nihazona azy ilay reny. Oh, harena iray toy ny inona! Hoy izy hoe, “Oh, tena matahotra aho, na izany aza, fantatrao. Ity zaza kely ity, tena zavatra malala kely iray izy.”

164 Ary mba fantatrarero moa? Nilaza ny Baiboly fa izy no zaza kely tsara tarehy indrindra izay hany teraka. Ankehitriny dia fantatro fa tsy hanaiky ahy ireo reny ny amin’izany. Ah-hah. Nihevitra izy ireo. . . Ny reninareo dia nihevitra fa ianareo no zaza kely tsara tarehy indrindra. Sa tsy izany? Hia. Manana zò hihevitra an’izany izy. Saingy nilaza ny Baiboly fa ity no zaza kely tsara tarehy indrindra. Oh, firavaka iray izy. Andriamanitra no nametraka ny Tãnany teo aminy, fantatrarero. Noho izany, oh, izy no zavatra kely nahafatifaty indrindra! Nandry teo izy, ary izy—nanao tsiky kely mivanitinitika iray izy, tsy nisy nify.

165 Tsy efa nanana zandry kely sy izy ireo ve ianareo, nanao an’izany, rehefa izy tsy—tsy nisy nify, mitsiky mivanitinitika fotsiny tahaka an’izao?

Ary ny zavatra voalohany fantatrarero dia, “Hoah!”

“Oh, oadray, mamindrà fo! Fioo! Fantatro, ndao isika hanafina azy fotsiny.”

“Inona ny olana? Inona no hataonao?”

<sup>166</sup> “Ento any ambany izy. Fantatrao hoe inona ilay baiko. Hitanao, raha mandalo eto ireo mpamosavivavy antitra lava orona, dia halain'izy ireo ny zazakelintsika ary hovonoiny izy. Marina izany. Tsy afaka mamela azy hitomany isika.” Noho izany, oh, izy dia nila—nila sakafo maraina iray na sakafo hariva. Noho izany dia entin'ilay reny mankeny an-joron-trano izy, ampinonoany izy, fantatrareo. Ary noho izany dia nety tsara izy avy eo.

<sup>167</sup> Noho izany hariva vitsy taorian'izany, dia nilalao niaraka taminy izy ireo. Ary, “Hoah,” niala lavitra indray izy, fantatrareo, nanomboka nitomany. Niala lavitra haingana mihitsy izy, ary nanafina, nanafina azy haingana mihitsy tahaka an'izany. Ary tany ambany, tany amin'ny farany indrindra, tao anatin'ny rindrina iray, dia efa nanamboatra toerana kely iray izay nahafahany nanafina an'ilay zazakely i Amrama.

<sup>168</sup> Ary avy eo ny zavatra voalohany fantatrareo, dia nandre zavatra iray nandeha niakatra izy ireo... [Mandongdona inenina ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] “Fioo! Lasa!” Niparitaka nankany amin'ny toerana anankiray ny olona rehetra, nanao hoe, “Izany ry zareo. Izany ireo mpamosavivavy antitra, ireo antitra lava rantsan-tànana, mandoko hohon-tànana!” Ary nijery teo ireo mpamosavivavy antitra. Ary nijery teo amin'ny varavarankely izy, nanao hoe, “Hia, izy ireo izany. Mitsangana eo izy ireo.”

[Mandongdona indimy ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] “Sokafy!”

<sup>169</sup> Nivoaka i Amrama antitra, nanokatra ny varavarana, nanao hoe, “Inona no ilainareo?”

<sup>170</sup> Hoy izy ireo, “Manana zazakely iray ianareo ato, ary fantatray izany. Ary haka azy izahay.”

“Tsy manana zazakely homena anareo izahay.” Tsy nanana izy ireo.

<sup>171</sup> “Tonga izahay ka hijery, na ahoana na ahoana. Polisy vavy izahay. Hitanao ve ny marika famantaranay?” Ary izany no... Ary tsy izany ve no zavatra tian'ny vehivavy iray haha-izy azy? Fa, “Polisy vavy izahay. Manana ny zônay avy tamin'ny manam-pahefana izahay!” Fantatrareo, manana azy ireny isika eto ankehitriny. Ary noho izany—noho izany dia manamarina izy ireo, miditra. Miditra izy ireo ary manongana an'ilay seza lava, sy manokatra an'ireo vata sarihina, ka manipy ny zavatra rehetra eo amin'ny gorodona, sy manala an'ireo lambam-pandriana rehetra ary manifikifika azy ireny. Dia mandeha any ambony ka mitady hoe aiza no nanaovan'i dada an'ilay toerana miafina kely. Nijery hatraiza hatraiza, fa tsy afaka nahita an'ilay zazakely izy ireo.

<sup>172</sup> Tsy afaka nahita an'ilay zazakely, hany izy ireo ka nanatona an'ilay vehivavy ka nanontany. Eny, nitsangana teo i Jokebeda mahantra kely, fotsy ny tavany. Nanatona izy ireo, nanao hoe, "Jereo eto! Fantatray fa ianao dia re—reny iray. Afaka miteny amin'ny alàlan'ny endrikao izahay. Fantatray fa vehivavy iray mampinono ianao, ary fantatray fa eto ilay zazakely. Hiverina izahay. Ho azonay izy!" Nivoaka ny varavarana izy ireo. Nanakapoka ny varavarana, dia nivoaka izy ireo.

Hoy izy hoe, "Oh, oh, inona no azontsika hatao? Inona no azontsika hatao?"

<sup>173</sup> Noho izany dia hoy Amrama hoe, "Mivavaha." Izany ve ilay zavatra hatao? [Hoy ireo zazalahy sy zazavavy hoe, "Eny."—Mpand.] Izany ve ilay zavatra? "Mivavaha! Ndao isika hivavaka."

"Oh, oh, oh! Tsy fantatro izay—izay hatao. Oh!"

<sup>174</sup> Noho izany dia hoy izy hoe, "Ankehitriny, jereo, milamina ianao, dia mandehana ampinonoy indray ilay zazakely. Handeha any ambony aho ary hivavaka."

<sup>175</sup> Noho izany dia mandeha any ambony izy ary mivavaka. Hoy izy hoe, "Jehovah, manana sofina Ianao. Jehovah, manana maso Ianao. Jehovah, afaka mandre Ianao. Afaka mamaly vavaka Ianao. Ianao no nanome anay an'io zazakely io. Ianao no nanome anay ny Fampanantenanao. Ary hihazona ny Fampanantenanao Ianao, ka Ianao no hiambina an'io zaza io. Dia matoky aho!"

<sup>176</sup> Rehefa avy nivavaka, dia tena reraka izy, izy—lavo nitongilana tahaka an'izao izy ary lasa natory. [Mody mierotra Rahalahy Branham—Mpand.] Tena reraka izy! Niasa izy ny tontolo andro, ary nivavaka ny alina manontolo. Reraka izy. Ary fantatrareo ve izay nitranga tamin'izay fotoana izay? Lasa natory izy, ary nanonofy nofy iray.

<sup>177</sup> Fantatrareo, Andriamanitra dia miteny ao anatin'ny nofy, ihany koa. Sa tsy izany Izy? Azo antoka, miteny Izy. Eny, miteny Izy. Afaka Izy. Hitanareo? Ary miteny ao anatin'ny nofy Izy.

<sup>178</sup> Oh, rehefa nifoha izy, dia hoy izy hoe, [Manapoapoaka ny rantsan-tànany indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.] "Izay ilay izy! Tokony ho nieritreritra mikasika an'izany aho. Izany no tokony nataoko." [Nikapokapoka indimy ny polipitra Rahalahy Branham.] "Tsy hilaza na inona na inona mikasika an'izany mihitsy aho."

Mandeha midina ny tohatra izy. Hoy izy hoe, "Jokebeda!"

"Eny, ry malala? Oh, tena vizaka aho. Tsy mety matory aho."

"Oh, mandehana matory. Mandehana matory. Tapitra ny rehetra."

"Ahoana no ahafantaranao?"

"Oh, fantatro fotsiny. Manana fahatokiana fotsiny aho!"



179 I dada raha tokony, tamin'io alina io, nandeha tany ambony mba hivavaka, dia lasa nidina tany ambany indrindra izy. Sahirana izy tao ambany tao. Manontany aho hoe inona no nataony? Ndao isika hitsaitsaika ao dia hijery azy. Hitako izy ao, mandeha. . . [Manomboka misamonomonona Rahalahy Branham, ary mikapokapoka raha mody manamboatra zavatra iray—Mpand.] “Slam, slam, slam.” [Misamonomonona Rahalahy Branham.] Raiso ity zozoro ity, dia diniho tsara ilay izy, aolano izy dia jereo raha tsara. [Misamonomonona Rahalahy Branham.] Nandeha nivoaka i Arona kely tamin'io andro io, ary nahangona eran'ny sandry manontolo tamin'izy ireny, nametraka azy ireny tao amin'ny farany ambany, fantatrarao. [Misamonomonona Rahalahy Branham.] “Mikarakara anao Andriamanitra.” [Misamonomonona Rahalahy Branham.] “Fivavahan'ny andro fahiny, tokony ho marina tokoa izany!” [Mikapokapoka zavatra Rahalahy Branham.] Afatory eo izy ireo.

Hoy izy hoe, “Amrama, inona ny olana aminao?”

“Haleloia! Tsy misy na inona na inona, ry malala. Manohiza.”

180 [Misamonomonona Rahalahy Branham—Mpand.] “Izao no fivavahan'ny andro fahiny.” [Mikapokapoka indray Rahalahy Branham.] “Izao no fivavahan'ny andro fahiny.” Ento *eto* io, fantatrarao. “Izao no fivavahan'ny andro fahiny.” “Shhhhhhh,” asio tombokase tanteraka izany. “Ary tena tsara amiko izy! Omeo ahy io fahiny. . .” Teo am-panaovana zavatra izy.

181 Fantatrarao, rehefa lasa ny herinandro iray na roa, ny zavatra voalohany fantatrarao, dia nanontany izy ireo hoe inona no nataony.

182 Noho izany indray alina rehefa natory izy rehetra, dia mitsaitsaika mankany ambony izy ary mitondra an'ilay zavatra kely tany, fantatrarao. Ampakariny tahaka an'*izao* ilay izy. Dia entiny miakatra izany. Ingainy ilay firakotra teo amin'izay atoriana'i Jokebeda vadiny, dia atsofony ao ambanin'ny firakotra ilay izy. Ary i Arona kely sy—sy Miriama kely dia natory, fantatrarao; oh, zavatra malala kely iray izy, izany io zazavavy kely io, ary toy izany koa i Arona kely. Noho izany, dia napetrany tao ambany tao ilay izy. Hoy izy hoe, “Jokebeda, malala.”

183 Hoy izy hoe, “Tany amin'ny farany ambany ve ianao tamin'ity fotoan'ny alina ity no nivavaka, ry Amrama?”

Hoy izy, “Tsia. Tany amin'ny farany ambany aho, nidera an'Andriamanitra.”

Hoy izy, “Inona no nataonao?”

184 Hoy izy, “Te-hiteny aminao aho. Ankehitriny, fantatrao fa hiverina ireo mpamosavivavy antitra ireo.”

“Hia.”

185 “Ary te-hiteny aminao an’izay hataontsika aho. Efa telo volana ankehitriny no nananantsika an’ily zazakely, ary tsy maintsy esorintsika izy.”

“Oh, ry Amrama! Tsy maintsy hanao inona ianao?”

“Tsy maintsy esorintsika ilay zazakely.”

“Esorina ilay zazakely?”

“Hia.”

“Oh, tsy mifaditrovana ianao!”

“Tsia, tsy hoe tsy mifaditrovana aho. Tsia, tsia, tsia. Fantatro izay ataoko.”

186 “Inona no tianao ho lazaina? Nahoana, ratsy noho i Farao ianao. Hanala an’ily zazakelintsika?”

“Hia, hanala an’ily zazakely.”

“Oh, tsy vitantsika!”

187 “Henoy ankehitriny. Raha mihazona azy isika, dia hahavery azy. Ary raha omentsika an’ily Anankiray Izay nanome azy ho antsika isika, dia Izy no hahita azy.” Marina ve izany? “Ankehitriny, raha mihazona azy ianao, dia hahavery azy isika.”

“Ahoana no hahaverezanao azy?”

“Nahoana, handalo ireo mpamosavivavy antitra ireo ka haka azy.”

188 Dia jereo, raha mihazona an’io fanahy io ianareo ka mandeha ary miaina tahaka an’izao tontolo izao, dia hahavery azy ianareo. Manenjika anareo ireo mpamosavivavin’ny helo ireo. Ary marina izany. Io fahadalana ratsy rehetra an’izao tontolo izao sy ny sisa eo io, manenjika anareo mihitsy izany. Raha mihazona azy ianareo, dia hahavery azy; fa raha averinareo any amin’ily Anankiray Izay nanome azy ho anareo izy, dia hahita azy ianareo ka hihazona azy. Inona izany ankehitriny? Raha mihazona azy isika, dia inona no ataontsika? [Hoy ireo ankizy hoe, “Mahavery azy.”—Mpand.] Mahavery azy. Raha manome azy ho an’i Kristy isika, dia maninona isika? Mihazona azy. [“Mihazona azy.”] Amena! Tsara izany. Ankehitriny dia mamaly tsara ianareo.

189 Hoy izy ankehitriny hoe, “Ry Jokebeda, hahavery azy isika raha mihazona azy. Noho izany dia raha averintsika izy—averintsika amin’ily Anankiray Izay nanome azy antsika izy, amin’izay fotoana izay dia hihazona azy isika.”

190 Ankehitriny dia manana fanahy iray ianareo. Ary, papa sy mama, toy izany koa ianareo. Fa raha mihazona an’izany ianareo, dia hahavery azy. Marina izany. Ireo mpamosavivavin’ny helo no haka azy. Hanenjika an’izany izy rehetra! Fa raha averinareo any amin’ily Anankiray Izay nanome azy anareo izany, dia hihazona azy ho amin’ny Fiainana mandrakizay ianareo. [Nandondona intelo ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Haleloia! Amena! Miala tsiny aho, rankizy, fanao fahiny betsaka

fotsiny aho raha mihorakoraka. Raha mihazona azy ianareo . . . Ndao isika hilaza an'izany, miaraka daholo. [Hoy Rahalahy Branham sy ny fiangonana hoe, “Raha mihazona azy ianareo, dia hahavery azy. Raha averinareo any amin'ilay Anankiray Izay nanome azy anareo izy, dia hihazona azy.”] Amena. [Nandondòna intelo ny polipitra Rahalahy Branham.] Tsarovy ankehitriny, omeo Azy izany.

<sup>191</sup> Ndao isika handinika ankehitriny. Oh, nanomboka nitomany izy. Hoy izy hoe, “Oh, inona no hataonao aminy?” hoy izy.

“Jereo eto, te-haneho zavatra iray aminao aho.”

“Inona io napetrakao ao ambanin'ny fandriako ao io?”

Hoy izy, “Aleo asehoko anao.” Dia nosintoniny nivoaka ilay izy.

“Oh, harona zozoro kely iray ilay izy!”

<sup>192</sup> Sambo kely iray izany, izay ilay izy. Tsy nanana familiana, tsy nanana lay izany, tsy nanana tafondro teo amboniny, kanefa dia izany no hitondra an'ilay entana sarobidy indrindra izay hany nentin'ny sambo iray, hatramin'io fotoana io. Henoy ity! Tsy nanana kapiteny izany na nanana tantsambo. [Mitehaka indroa amin'ny tànany Rahalahy Branham—Mpand.] Rahalahy, izaho dia mahafantatra Sambo iray ho an'ny lehibe, tahaka an'izany, ihany koa!

<sup>193</sup> “Oh,” hoy izy, “Am- . . . aleo ho jereko ilay izy, ry Amrama, aleo ho jereko.” Mandeha eo izy.

<sup>194</sup> Hoy izy, “Jereo eto, misy sarony kely eo amboniny. Hitanao?” Manainga an'ilay sarony kely izy.

Hoy izy hoe, “Fioo! Maimbo! Ah! Fioo! Oadray!”

Hoy izy, “Eny, maimbo ilay izy.”

“Nahoana?”

<sup>195</sup> “Norarahako godorao betsaka ilay izy. Madity tanteraka izy, manerana ny rehetra.” Ny dity dia godorao, fantatrarao, noho izany dia nasian'izy ireo dity nanerana azy rehetra. Izany no nampangotrahany tao ambany tao, ka nararany teo antampon'ireo zozoro ireo izany. Nasiany dity ilay izy. Hoy izy hoe, “Hitanao, tsy afaka hiditra ao anatin'ny rano amin'izay fotoana izay. Hitanao, voaisy tombokase manerana tanteraka izy.” Dia hoy izy, “Ary tsy afaka miditra ao anatin'ny fotsiny izany, tsy afaka ilay rano. Nasiako dity ilay izy.”

Hoy izy, “Fioo! Ratsy fofona!”

<sup>196</sup> Ianareo ankizy dia mahafantatra hoe inona ny godorao, rehefa manamboatra ny làlambe izy ireo, “Oh, io fofona ratsy io!” Saingy izany—izany—izany—izany no mihazona an'ilay . . . Izany—izany no manentsina ny triatra rehetra eo amin'ilay làlambe. Ary tahaka an'izany no ataon'io, manentsina ny rano rehetra izany.

197 Ary izany no ataon'ny vavaka ho an'ilay mpino. Izany no misakana an'izao tontolo izao hiala aminareo isan'andro, dia rehefa mametaka dity ny tenanareo amin'ny lohalikareo ianareo, ka manao hoe, "Tompo Jesosy!" Dia midina ilay Rà, ka manisy tombokase anareo tanteraka Izany mba tsy ahafahan'ny devoly mahazo anareo. Hitanareo? Marina izany. Hitanareo? Koa noho izany, oh, matetika ny olona dia mandeha eo ka manao hoe, "Ratsy ilay izy," saingy, tsy manao fahasamihafana mihitsy izany, mihazona anareo ho voaaro izany. Izay ilay zava-dehibe, mihazona ho voaaro. Hoy izy ireo, "Fanao fahiny ianao," saingy, tsy mampaninona izany, mihazona anareo ho voaaro izany.

"Eny," hoy izy, "inona no hataontsika?"

198 "Eny àry," hoy izy, "ho teneniko aminao izay hataontsika. Halaintsika ilay zazakely, ary hanana fisarahana kely isika. Dia halaintsika ilay zazakely ka hapetratsika ato anatin'ny izy, ary hapetratsika ao anatin'ny Renirano Neily izy."

199 "Oh! Tsia! Tsia! Tsia! Ry Amrama, tsy mahazo mametraka ny zazakelintsika ao anatin'ny renirano ianao."

200 "Eny! Eny! Fantatro izay ataoko." Hitanareo, efa nanana nofy iray izy, fantany izay atao. Hitanareo, Andriamanitra no nanoro hevitra azy. Fantany izay hatao. Nanamboatra an'io izy, ary hitany fa izany no tena tandindon'ilay sambofiara izay namonjy an'i Noa tany aoriana tany tamin'ny androny.

201 Noho izany dia hoy izy hoe, "Jereo eto, nanao lavaka kely aho eo amin'ny tampony, mba ahafahany miaina. Hitanao, afaka mahazo ny tara-masoandro avy eo izy."

202 Ary fantatrareo, ilay sambofiara ao amin'ny Baiboly Tranainy, tany aoriana lavitra tany, dia namboarina tahaka an'izany. Ary nanana lavaka iray mihitsy izy teo amin'ny tampony, mba ahafahanareo mijery ao anatin'ny hitanareo, sy izay tsy maintsy hiandrany.

203 Koa noho izany ity zaza kely mampalahelo ity, tsy nanana anarana, tsy nanana anarana iray mihitsy akory aza; zaza kely, tsy nanana anarana, kanefa dia zaza kely mahafatifaty indrindra teto amin'izao tontolo izao.

204 Ny alina manaraka, rehefa niditra izy ireo, dia niandry hatramin'ny teo amin'ny telo maraina teo, ary avy eo izy ireo. . . Mandroso izy. Ary avy nivavaka izy. Mandroso izy, ary hoy izy hoe, "Avia ankehitriny, ry Jokebeda, mifohaza!"

205 Ary noho izany dia namoha an'i Arona kely sy Miriama kely izy ireo. Oh, nanatona izy ary nametraka ny sandriny, hoy izy hoe, "Dada!" Miriama kely, hoy izy hoe, "Tsy hitondra ny anadahy kelinay ianao, zazakely, sa tsy izany, ka hametraka azy ao anatin'ny Neily izay misy an'ireo voay antitra rehetra ireo?"

206 Dia natosiny nankany aoriana tahaka an'izao ny volo keliny. Ary ny. . . Nanana maso tsara tarehy izy, sy volo tsara tarehy.

Ary noho izany dia norohany teo amin'ny ilan'ny takolany izy. Hoy izy hoe, “Ry malala, ilay izy dia mandratra ahy, ihany koa. Ilay izy dia mandratra ahy, ihany koa, saingy tsy maintsy ataontsika izao.”

207 Hitanareo, ry zazavavy sy zazalahy kely, indraindray dia tsy maintsy manao zavatra izay somary mandratra antsika isika, saingy tsy maintsy ataontsika izany, na ahoana na ahoana. Rehefa hoy ireo zazavavy hoe, “Hey, efa mba nifoka sigara iray ve ianao?”

Hoy ianareo hoe, “Tsia.”

208 “Eny, manandrama anankiray! Oh, namanao aho, fantatrao. Hia, andramo izany.”

209 Saingy ianareo, mety mandratra kely ilay izy, saingy manaova hoe, “Hah-ah. Tsy mila an'izany aho.” Hitanareo? Hitanareo? “Tsy mila an'izany aho.”

Hoy izy, “Ho avy ve ianao, handeha ho any amin'ny fampisehoana miaraka amiko rahariva?”

210 “Tsia, tsia. Hah-ah. Tsy mandeha any amin'ny fampisehoana aho.” Hitanareo? Mety mandratra kely fotsiny izany. Hitanareo?

211 “Oh, tranainy antitra iray fotsiny ianao.” Aza mino an'izany ianareo. Mety mandratra kely fotsiny izany. Atodiho miala amin'izany fotsiny ny lohanareo; izany no zavatra tsara hatao, hitanareo. Izany foana atao, manaova an'ilay zavatra tsara. Eny àry.

212 Ary ankehitriny rehefa mianatra an'io karazana fandihizana amin'ny lohatongotra ratsy kely tahaka an'izany io ireo zazavavy, ka tiany hanao an'izany ianareo; teneno izy ireo hoe, “Tsia, tsia.” Aza manao an'izany ianareo, hitanareo.

213 “Oh, eny, fifalifaliana betsaka izany.” Aza miraharaha na fifalifaliana firy ilay izy. Tianareo ny hanao an'izay tsara, noho izany dia ataovy foana izay tsara. Ankehitriny, tsarovinareo fotsiny izany ankehitriny. Aza adinonareo izany, sa tsy izany?

214 Ankehitriny, inona no nataon'izy ireo ankehitriny? Nentin'izy ireo ilay zaza kely avy eo, dia niakatra teo. Ary nanatona i Arona kely, hoy izy hoe, “Dada, inona no hataonao amin'ilay zazakelintsika?”

215 Hoy izy hoe, “Arona, mipetraha eto amin'ny lohaliko eto, ry malala.” Hoy izy, “Jereo, ry Arona. Raha mihazona an'ilay zazakely isika, dia inona no hataontsika?” [Hoy ny fiangonana hoe, “Mahavery azy.”—Mpand.] “Mahavery azy. Fa raha averintsika eo an-tànan'ilay nanome azy antsika izy, dia inona no hataontsika?” [“Mahazo azy.”] “Hahazo azy isika.” Marina izany.

“Fa ahoana no hanaovanao azy, ry dada?”

216 “Tsy fantatro. Tsy fantatro hoe ahona no hanaovana azy, fa Andriamanitra no hanao azy.” Hitanareo?

217 Ary noho izany dia napetrak’izy ireo tao anatiny tao ilay zaza kely, ary dia lasa izy. Koa indro mandeha izy ireo ankehitriny, mandeha mankeo amin’ny varavarana. Midina mankeo amin’ny varavarana izy ireo, mijery mankany amin’ity làlambe ity izy, mankany amin’ity làlambe itsy. Tsy misy na aiza na aiza, tsy misy olona tonga. Hoy izy, “Avia, ry Jokebeda. Avia, ry Arona. Avia, avia, ry Miriama. Ndao isika handeha.”

218 Nentin’izy ireo ilay sambofiara kely dia nidina teo amin’ireo voninkazo teo amin’ily renirano izy ireo. Oh, aloha be talohan’ny misandratr’andro izany. Dia indro tonga i Arona kely, taoriana tao nihazona an’i Miriama kely, rahalahy sy anabavy kely, nitomany izy ireo. Ary Jokebeda kely mampalahelo, nandeha nanaraka teny izy, nanao hoe . . . [Mody manao Jokebeda mitomany Rahalahy Branham—Mpand.] “Sh-sh-sh-sh! Miambina ny làlambe izy ireo. Mitandrema tsara. Sh! Mitandrema tsara.” Nidina nandeha teny an-dàlambe. “Sh-sh-sh! Mitandrema tsara.” Mitondra an’ily zaza kely. Ary ilay reny no nitondra an’ily zazakely, fa—fa i dada no nitondra an’ily sambofiara.

219 Nidina teo amin’ily renirano izy ireo. Oh, renirano goavana be izany, ny faharoa lehibe indrindra eto amin’izao tontolo izao, saiky. Ary noho izany, avy eo, renirano goavana be, sy misosa, ary feno voay goavana be sy mamba. Oh, natavy izy ireo. Fioo! Ireo ankizy kely no namahanan’izy ireo azy. Natavy mihitsy izy ireo. Dia—dia hoy izy, hoy Jokebeda tamin’i Amrama, vadiny, hoy izy, “Oh, ahoana moa raha ho azon’ireo mamba izy? Ahoana moa raha mikasika azy ireo voay ato ireo?”

220 Hoy izy, “Aza manahy. Raha mba hametaka ny orony ao anatin’io godorao io izy ireo, dia hanalavitra avy hatrany, hitanao. Izany no antony mahamaimbo azy, hitanao. Hametaka ny orony izy,” hoy izy, “tsy afaka hanimbolo nofon’olombelona izy, noho izany dia hiala lavitra izy. Tena ho maimbo mihitsy io godorao io hany ka handositra lavitra izy ireo. Ho mety tsara izany. Aza manahy ianao.” Noho izany izy ireo . . . Dia napetrak’izy ireo teo izany, ilay sambofiara kely. Ary hoy izy hoe . . . “Ampinonoy ilay zazakely ankehitriny.”

221 Noho izany dia raisin’ily reny ny zazakely ka ampinonony izy, ary mampinono an’ily zazakely izy mba ahazoany ny sakafo marainany, vao maraim-be. Ary avy eo izy [Manao feon’oroka intelo Rahalahy Branham—Mpand.] manoroka azy. Dia hoy izy, “Ankehitriny, ry Arona, afaka manoroka azy ianao.” Dia manoroka azy i Arona. Ary avy eo dia manolotra azy amin’i Miriama, dia orohany izy. Ary manoroka azy i neny, ka, “Oh,” hoy izy, “izaho fotsiny . . .”

222 “Ankehitriny, sh-sh-sh! Henoy ankehitriny, tsy maintsy ho miaramila isika. Hitanareo? Tsy maintsy ho miaramila isika. Ankehitriny dia te-hanoroka azy indray ve ianareo rehetra?” Manoroka azy izy rehetra, mifandimby, indray. Avy eo dia apetrak’izy ireo ao anatin’ny ao izy.

223 Ary nanao bodofotsy kely i neny, ka nampanaoviny azy, ary ondana kely. Napetrany teo amboniny teo izy. Hoy izy hoe, “Ry zaza kely malalako, Andriamanitra anie hitahy anao.”

“Sh-sh-sh! Ankehitriny, Andriamanitra no hikarakara an’io. Aza manahy ianareo.”

224 Nakatony ilay sarony kely. Ary ny zavatra voalohany fantatrareo, manomboka manala ny palitaony ilay dada, manala ny lobany. Indro izy lasa, miroboka ao anatin’ny rano.

225 Inona no heverinareo izay miseho any An-danitra, saiky amin’io fotoana io? Haleloia! Fantatrareo, rehefa misy zavatra miseho eto, dia misy zavatra miseho Any ambony any, ihany koa. Amena! Toa hitako Andriamanitra mitsangana avy eo amin’Ny Seza fiandrianany, manatona, manao hoe, “Gabriela! Gabriela! Aiza ianao?”

Hoy Gabriela hoe, “Inty aho, Tompo.”

226 “Avia eto! Hanehoako zavatra ianao!” Hoy Izy, “Ianareo Anjely rehetra avia manodidina eto, iray minitra, te-haneho zavatra aminareo Aho. Manana olona izay mino Ahy Aho. Eny, manana olona izay matoky Ahy Aho. Avia eto, iray minitra! Tsara ho anareo Anjely rehetra izao, jereo kely io. Jereo!”

“Aiza izany?”

“Io ambany io mihitsy. Jereo.”

“Hia, hia. Hia, hitako ilay izy.”

227 “Jereo io ambany io mihitsy. Hitanao ve eo amin’ny faran’ireo—ireo—ireo alan-jozoro eo ireo, ireo voninkazo sy ny sisa?”

“Hia.”

“Jereo eo!”

“Inona io?”

228 “Misy lehilahy iray miaraka amin’ny tãnany mitsangana io, mandohalika, miantso Ahy. Misy reny iray mitomany eo, ary ankizy kely roa mitomany. Matoky Ahy hatramin’ny farany mihitsy izy ireo. Gabriela, tsaroanao ve rehefa niditra ianao? Tsaroanao ve io lehilahy io?”

229 “Eny, nihaona tao amin’ilay efitra aho tamin’io alina io ary niresaka taminy. Ah-hah.”

230 “Mbola matoky Ahy foana izy. Manana olona izay mino Ahy Aho! Manana olona izay hatoky Ahy hatramin’ny farany Aho!” [Mandondona in-enina ny polipitra Rahalahy

Branham—Mpand.] “Hitanao ve izy? Jereo izy. Izy tena manana . . . Tsy mahery fo ve izany!”

<sup>231</sup> Mandeha ao anatin’ny rano ilay ray, manomboka manosika an’ily sambo kely.

Toa reko Izy manao hoe, “Gabriela!”

“Eny, Tompo?”

<sup>232</sup> “Miantsoa Anjely iray alina ho eo amin’ny sehatra. Omeo baiko avy hatrany izy ireo handeha. Antsoy ireo tafiky ny Lanitra. Alefaso any ambony-sy-ambany izy rehetra, manerana an’ireo fehin’ny Lanitra, ary apetraho any ambony-sy-ambanin’i Neily izy rehetra. Mandidy Aho mba tsy hisy voay hikasika an’io mpitondra entana io! Tsy hisy na inona na inona hikasika azy! Aza avela hanatona akaikin’izany akory aza ny vatan-kazo iray.” Haleloia!

<sup>233</sup> Hoy Gabriela hoe, “Hatao izany.” Oadray! Notsofiny ny trompetra! Tonga ny Anjely iray alina mitam-piadiana!

“Ilay Mpanamory. Aiza no hisy Anao, Tompo?”

<sup>234</sup> “Ho eny amin’ily farany hafa Aho.” Eo amin’ily fandraisana farany foana Izy. “Hiandry eny amin’ily farany hafa Aho. Manana tanjona iray Aho. Rehefa hatoky Ahy ny olona, dia manana zavatra iray Aho, tanjona iray; ho mety tsara mihitsy izany ho azy ireo.” Eny àry, midina eo amin’ily farany hafa Izy.

<sup>235</sup> Hitako i Mosesy . . . na i Arona kely sy izy ireo, mandeha miakatra eo amin’ily làlambe, mitomany. “Sh-sh-sh-sh-sh! Diniho io.”

<sup>236</sup> Ary Miriama kely, mbola mitsangana foana izy, mandinika. Hoy izy hoe, “Oh! Oh!”

<sup>237</sup> Hoy izy, “Avia, ry Miriama, efa ho misandratr’andro izao. Avia, maneno ho an’ny andro ireo akoholahy. Avia, efa ho misandratr’andro izao. Avia, ry malala, ndao isika handeha!”

<sup>238</sup> Hoy izy, “Oh, dada, dada! Azafady, indray mandeha indray. Mamelà ahy hitsangana, mamelà ahy handinika azy ary mamelà ahy hahita izay mitranga. Hiverina any an-trano aho afaka kelikely.”

<sup>239</sup> “Oh,” [Manapoapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham—Mpand.] “hevitra tsara izany, ry Miriama. Mety ho tena tsara izany. Mitsangàna fotsiny ianao dia diniho izay miseho.”

“Eny àry, izaho dia—handinika an’izany aho.”

<sup>240</sup> “Ankehitriny, modia haingana ianao afaka kelikely. Jereo fotsiny izay miseho. Dia tongava, itondray vaovao izahay, izay miseho.”

“Eny àry, ry dada.” Dia lasa izy ireo, tsy maintsy nandeha haingana.



241 Miriama kely, nitsangana izy ary nandinika. Ny zavatra voalohany fantatrareo, nazava ny andro. “Oh, oh, oh, inona iny avy iny? Izany dia—vatan-kazo iray ilay izy. Tsia. Tsy mamba iray ve iny? Oh, nihodina izy.”

242 Ha-ha! Inona no hitany? Nahita an'izay tsy hitan'ny olona betsaka izy. Hitanareo? Nandeha ilay mpitondra entana kely, nitsingevana nanerana teo. Nihevitra izy ireo fa tsy nanana mpanamory mihitsy izy; nihevitra izy ireo fa tsy nanana kapiteny izy. Nanana izy. Niangona nanodidina teo izy rehetra.

243 Indro tonga ny voay kely iray, nanao hoe, “Oh, jereo io!” Indro izy tonga, nitsingevana tahaka an'izany. Nandeha izy. . . Oh, tsia. Tsia, tsia. Tsy afaka manatona akaiky an'io mpitondra entana io izy.

Nitsangana tao anatin'ny tao ilay mpanao fanafahana, ilay mpanafaka, Jiosy telo tapitrisa no nila nohafahana. [Mandondòna indim'ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Tsy afaka nikasika azy ny devoly rehetra tao amin'ny helo. Nitsingevana teo, ity sambofiara ratsy kely vita tamin'ny godoraio ity, teo ambonin'ilay renirano.

244 Ny zavatra voalohany fantatrareo, niditra tao anatin'ny ranomody iray ilay izy. “Oh!” hoy i Miriama, “Oh, tsia! Oh, jereo io! Io ranomody io, jereo ilay izy! Jereo ilay izy tahaka an'izao!” Ny zavatra voalohany fantatrareo, tampoka teo dia nivoaka fotsiny ilay izy.

245 Tahaka an'izany no andehanany. Miditra ao anatin'ny ranomody iray isika, indraindray, io lakana kely io. Aza manahy. Misy Olona iray miambina eo. “Ireo Anjelin'Andriamanitra dia mitoby manodidina an'ireo izay matahotra Azy.” Misy an'aliny amin'izy ireo eo amin'ny lisitry ny mandeha ankehitriny.

246 Miriama kely, midina izy, mihanika eo ambonin'ity vatolampy goavana ity, ary mitsoaka eo ambonin'izany tahaka an'izao. Dia mihazakazaka midina izy, mandinika an'ilay sambofiara. Ary manohy midina mandalo *eto*, sy mandalo eo amin'io andiana voninkazo io. Afaka kelikely dia lasa miraikitra eo ilay izy. Hoy izy, “Oh! Oh, manontany aho!”

247 (Ankehitriny, niteny taminy ny dadany, nanao hoe, “Ankehitriny aza avelanao hisy olona hahita anao mandinika an'izany. Raha manatona ny olona iray, dia mody ataovy toy ny hoe tsy mijery an'ilay izy akory ianao, manohiza fotsiny amin'ny lâlana hafa iray. Aza—aza manao toy ny hoe mandinika azy mihitsy aza ianao, manohiza mandeha fotsiny.” “Eny àry,” hoy izy.)

248 Mandeha midina amin'ilay morona izy. Lasa miraikitra ilay izy. Ny zavatra voalohany fantatrareo, dia misy andiana mpanjono goavana teo. Ary mody manao toy ny zazavavy kely iray mandeha fotsiny izy. Teny, tamin'ny folo ora atoandro ankehitriny, fantatrareo, noho izany dia nanohy nidina an'ilay

renirano fotsiny izy. Ary mihazona ny masonry mijery any aoriana izy, taty amin'ny ilany, mijery hoe aiza no andehanan'ilay izy.

<sup>249</sup> Afaka kelikely dia mandalo eo amin'ny vondrona hafa iray izy. Manohy mandinika fotsiny; mandeha lavidavitra kely. Manohy mandeha, mandeha lavidavitra kely.

<sup>250</sup> Afaka kelikely dia tonga eo amin'ny rindrina goavana be iray izy. “Oh, oadray, miditra ao ambadik'io rindrina io ilay izy!” Inona no azony hatao? Tsy fantany izay hatao. Noho izany dia tsy afaka hihoatra an'ilay rindrina izy, noho izany dia miroboka ao anaty rano fotsiny izy ka mandingana an'ilay izy tahaka an'*izao*, ary mandady eo amin'ilay tampony. Mandeha eo izy, ary manohy mandeha.

<sup>251</sup> Ny zavatra voalohany fantatrarao, dia ao anatin'ny zaridaina tsara tarehy iray izy. Mamony hatraiza hatraiza ireo voninkazo, ary tena tsara tarehy izany. Ankehitriny dia henoy vetivety fotsiny. Diniho ankehitriny, ry zazavavy kely. Voninkazo tsara tarehy, ary, oh, voahety tsara daholo ireo hazo. Tena tsara tarehy ilay izy! Saha iray izany. “Oh,” hoy izy, “jereo iry, eo amin'io! Oh, oadray! Ao amin'ny sahan'ny lapa aho, lapan'i Farao, ao amin'ny saha. Inona no hataoko eto? Raha tratran'izy ireo ato aho, oh, oadray, dia inona no hataon'izy ireo amiko?”

<sup>252</sup> Koa nandinika izy. Mandeha eo ilay sambofiara kely, ary somary mijanona ao anatin'ny rano ilay izy, dia manomboka mitsingevana mihodinkodina eo, tao anatin'ilay rano. Manontany aho hoe nahoana? Dia mandre olona miresaka izy. Misitrika ao ambanin'ireo kirihitra izy. Nipetraka izy, ary nijery tahaka an'*izao*, fantatrarao, manomboka mijery i Miriama kely, mahita an'ilay izy.

<sup>253</sup> Ny zavatra voalohany fantatrarao, indro tonga ireo lehilahy mainty matanjaka goavana be mitondra sezalava iray tahaka an'*izao*. Ary manaraka ireo zatovovavy, dia mihira izy ireo. Koa indro tonga ny vehivavy iray, ary manana fehiloa volamena goavana iray izy manodidina ny lohany, misy bibilava goavana iray miaraka amin'ny vavany misokatra (tahaka an'*izao*) eo anoloany. Ary vehivavy iray tsara tarehy izy, dia midina izy. Manao akanjo tsara tarehy izy, sy ny sisa. Ary reko ny iray amin'ireo zatovovavy manao hoe, “Ny andriambavy, mihevitra ve ianao fa hafana ny rano izao maraina izao?”

<sup>254</sup> Hoy Miriama, “Andriambavy”? Oh, tsy maintsy fianakaviana mpanjaka izany, noho izany dia tsy maintsy ho ao anatin'ilay saha aho. Ary raha tratran'izy ireo ato aho, dia inona no hataony amiko?”

<sup>255</sup> Eny àry, mandeha midina izy. Ary ireo lehilahy mainty goavana ireo dia mitondra an'ilay hazo lava tahaka an'*izao*, midina eo amin'ny sisin'ilay rano tahaka an'*izao*, ary manatsoaka ny kirarony izy. Ary zatovovavy iray no nihazona an'ireo lamba famaohana, ary ny sasany nihazona ny savony. Dia

midina izy ho an'ny fandroany maraina. Noho izany dia midina eo izy ary manomboka ny—ny ho vonona ho an'ny fandroany. Manatsoaka ny kirarony izy. Hoy izy hoe, “Handona an'ireo rantsan-tongotro ao anatin'ny rano aho dia hahita raha mbola mafana ilay izy. Oh, tena mahafinaritra fotsiny ilay izy, izao fotsiny . . . Inona io ery io?”

<sup>256</sup> “Oh!” Miriama, hoy Miriama kely hoe, “Oh! Ah-oh, voatsikilony ilay sambofiara.”

“Oh,” hoy izy, “voay iray ve io?”

<sup>257</sup> Hoy ny iray tamin'ireo lehilahy goavana matanjaka hoe, “Iray minitra fotsiny, hijery aho.” Splash, splash, splash, miditra ao anatin'ny rano izy. Maka an'ilay izy tahaka an'izao, dia miverina. Hoy izy, “Ny andriambavy!” Manome azy amin'ilay zatovovavy. Ary ilay zatovovavy manolotra an'ilay izy sy manome an'ilay izy aminy tahaka an'izao, dia mametraka azy ambany.

<sup>258</sup> Hoy izy hoe, “Inona ity? Fioo, maimbo! Misy godorao manerana an'ilay izy. Jereo eto, misy lavaka iray eo amin'ny tampony.”

<sup>259</sup> Dia hoy i Miriama hoe, “Oh! Oh, lasa eo ilay anadahy keliko! Lasa eo ilay anadahy keliko!”

<sup>260</sup> Ary noho izany dia nosokafan'izy ireo ilay izy tahaka an'izao. “Oh, zazakely iray ilay izy!” Ary izy nanomboka . . . Ilay zaza kely tsara tarehy indrindra teto amin'izao tontolo izao! Ary, oh, Andriamanitra iray Izay afaka nahatonga fankahalana, dia afaka nahatonga fitiavana; ary ny fitiavana rehetra izay Azony apetraka ao anatin'ny fon'olombelona iray, reny iray ho an'ny ankizy iray, dia Napetrany tao am-pon'ity zazavavy ity. Ary izy—hoy izy hoe, “Ity dia iray amin'ireo Heb-. . . Fantatro hoe inona ilay izy. Izany dia ilay raiko ratsy fanahy! Tena masiaka izy! Izy no niantso an'ireo ankizy kely Hebreo rehetra ireo mba ho vonoina. Ary ny iray amin'ireo reny dia nanary fotsiny an'ireo zazakeliny, miandry ny hitodiany na mety ho aiza izany na ho aiza. Oh, ratsy fanahy izy! Eny, tsy hamono an'ity anankiray ity izy, satria ahy ity anankiray ity.” Ah-hah, hitanareo ve hoe ahoana no ataon'Andriamanitra?

<sup>261</sup> Nalainy izy, ary [Manao feon'oroka iray Rahalahy Branham—Mpand.] manoroka azy izy. Fa nitomany ilay zazakely. Ary rehefa nitomany izy, dia nanafana ny fony izany. Hoy izy hoe, “Zavatra kely mampalahelo.” Hoy izy, “Halaiko izy ary izaho hiantso azy. . . Hanome azy anarana iray aho.” Ary teo no nahazoany ny anarany.

<sup>262</sup> Iza no anarany? [Hoy ny fiangonana hoe, “Mosesy.”—Mpand.] Mosesy. Ary *Mosesy* dia midika hoe “nalaina avy tao amin'ny rano.” Hitanareo?

263 Hoy izy hoe, “Ankehitriny aho dia hiantso azy hoe Mosesy, ary ho zazakeliko manokana izy. Izaho no hihazona azy.” Saingy hoy izy ankehitriny hoe, “Fa zatovovavy iray aho, tsy afaka mampinono azy. Izaho—izaho—tsy manana fomba hamahanana azy aho.” Tsy nanana an’ireo tavoahangy kely sy ny sisa izy ireo tamin’izany fotoana izany. Tsy nifoka sigara ireo vehivavy sy tahaka an’izay ataon’izy ireo ankehitriny, hitanareo, ka manapoizina ny tenany. Noho izany dia hoy izy, “Eny, raha mahafantatra ianareo ny...” Hoy izy, “Inona, inona no hataoko?” Noho izany dia hoy izy hoe, “Izaho...”

264 Hoy ny iray tamin’izy ireo hoe, “Ho teneniko aminao, ry andriambavy, hitady mpampinono iray ho an’ny zazakelinao aho.”

“Oh,” hoy izy, “tena tsara izany.” Ilay kely...

265 Nisy Zavatra iray niteny, Anjely iray izay nitsangana teo amin’ilay kirihitra, nanao hoe, “Miriama, izao no anjaranao! Izao no anjaranao!” [Nandondona im-balo ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Nihazakazaka i Miriama kely. Hoy izy, “Aza milaza zavatra iray ankehitriny, aza avela handalo fotsiny izany. Mandehana ianao ary lazao fa ianao no ‘hitady mpampinono iray,’ dia mandehana alaivo ny reninao.”

Eny àry, noho izany dia izany no nolazainy. Hoy izy hoe, “Ny andriambavy!”

266 Ankehitriny, raha ny tokony ho izy, dia ho nilaza izy hoe, “Inona no ataonao eto?” Saingy, hitanareo, Andriamanitra no nanarona an’izany rehetra izany. Nahoana? Nanana Anjely iray alina Izy teo amin’ilay famindrana. Hitanareo? Tsy maintsy tanteraka ny Fandaharany. Nanana Anjely iray alina Izy nitsangana teo.

267 Noho izany ny zavatra voalohany fantatrareo, dia nilaza izy fa ny... hoy izy, “Eny, ry malala kely, inona no ataonao eto?”

268 Hoy izy hoe, “Mijery anao fotsiny miaraka amin’ilay zazakely aho.” Hoy izy, “Fantatro hoe aiza no misy reny tsara iray izay afaka hikarakara ny zazakelinao ho anao.”

269 Hoy izy hoe, “Mandehana, alaivo izy, dia teneno aminy fa hanome azy telonjato dolara isan-kerinandro aho hikarakarana an’ity zazakely ity, ary homeko efitrano iray manontolo izy ao an-dapa. Ary raha fantatrao hoe aiza no misy vehivavy Hebreo anankiray, izay mpampinono iray, izay afaka mampinono an’ity zazakely ity. Zazakeliko ity.”

Hoy izy, “Eny, ry andriambavy, hitady anankiray ho anao aho.”

270 Hoy izy, “Ankehitriny, andraso iray minitra! Alohan’ny hidiranao ao amin’ny lapan’andriana, dia tsy maintsy manana teny miafina iray ianao. Hitanao, tsy fantatrao ny teny miafina. Manana teny miafina iray isan’andro izahay. Ankehitriny, ny

teny miafina androany, fantatrareo ve hoe inona ilay izy? 'Fandraofa-mololo iray sy vilona indray mibata.'" Hoy izy, "Izany no tsy maintsy lazainao mba hidiranao eo amin'ilay vavahady."

271 Noho izany dia miolomay mankany an-trano i Miriama kely, nandeha mafy arak'izay vitany, ary nitsambikina teo amin'ilay rindrina, nidina teny an-dàlambe, ary nidina tamin'*ity* làlana ity, sy nidina tamin'*ity* làlana ity, ary nandeha haingana arak'izay vitany. Nihazakazaka niditra ny trano izy.

272 Fa—fa vao avy tonga tao an-trano mihitsy i Amrama, sy Jokebeda. Ary, oh, nalahelo izy ireo, nanontany hoe inona no miseho. Hoy izy hoe, "Ny zanako mahantra! Ny zanako mahantra!" Izy...

273 Hoy izy hoe, "Henoy fotsiny ankehitriny." Hoy izy, "Vao avy nandalo teny an-dàlambe aho vao tsy ela teo, ka nampitandrina ny olona rehetra ilay reny mampalahelo nandritry ny andro manontolo. Nandalo tao amin'ity fiaraha-monina ity mihitsy izy ireo aninkeo maraina, ary nakapok'izy ireo ny lohan'ny zazakely rehetra izay tao amin'ilay fiaraha-monina." Dia hoy izy, "Toy ny ahoana no niantsoantson'izy ireo sy nitomaniany! Ankehitriny, tsy fantatra, ny zazakelinao, hoe aiza ho aiza izy. Any amin'izay misy ny zazakelintsika, dia Andriamanitra no hikarakara azy."

274 Tamin'izay fotoana izay mihitsy no tonga... [Mandondona in-efatra ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] "Oh! Oh! Izany ry zareo, ao am-baravarana ankehitriny." Noho izany, nandeha izy ireo ary nijery. Tsia, tsy izany ilay izy. Miriama izany.

275 Hoy izy hoe, "Oh! Oh, Miriama! Midira, ry malala! Inona no nitranga tamin'ilay zazakely?"

Hoy izy hoe, "Neny, tena noana aho."

Hoy izy, "Fa inona no nitranga tamin'ilay zazakely?"

276 Hoy izy, "Saiky matin'ny hanoanana aho, ry neny." Hoy izy, "Oh, deraina ny Tompo! Haleloia! Saiky matin'ny hanoanana aho, ry neny."

Hoy izy, "Fa inona no nitranga tamin'ilay zazakely?"

277 Hoy izy, "Neny, tena noana aho ka afaka hihinana ny zavatra rehetra ato an-trano."

278 Hoy izy, "Hanome anao zavatra ho hanina izahay, fa inona no nitranga tamin'ilay zazakely?" [Mandondona intelo ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.]

279 Hoy izy, "Oh, mety tsara ilay zazakely, ry neny. Omeo zavatra ho hanina aho. Oh, tena faly aho!"

"Fa inona no nitranga taminy?"

280 "Eny, omeo zavatra ho hanina aho, saiky matin'ny hanoanana fotsiny aho." Mba azonareo eritreretina ve izany?

281 Hoy izy hoe, “Miriamama! Ity ny reninao sy dadanao. Aiza ilay zazakely?” [Nandondona intelo ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.]

282 Hoy izy hoe, “Neny, efa niteny taminao aho. Ilay zazakely, nahita azy aho, ary mety tsara izy. Ankehitriny, neny, omeo zavatra ho hanina aho; matin’ny hanoanana aho. Fantatrao, izaho—saiky matin’ny hanoanana fotsiny aho.” Tahaka anareo rehefa tonga ao an-trano avy any an-tsekoly, fantatrarao; oh, mila mahazo zavatra iray fotsiny.

Noho izany, nandeha izy ary nanome azy mofo misy hena iray. Hoy izy, “Ankehitriny teneno ahy.”

283 Dia nandeha izy, “Yam, yam, yam,” mihinana, fantatrarao, tahaka an’izany. Hoy izy, “Neny?”

Hoy izy, “Eny, inona no nitranga tamin’ily zazakely?”

284 “Nahoana,” hoy izy, “neny . . .” Noteneniny taminy ilay tantara. Dia hoy izy, “Neny, mandehana alaivo ireo akanjonao tsara indrindra, ary amboary ny valizinao, satria ianao no hikarakara an’ily zazakely.” Oh! Oh! Oh!

“Inona?”

285 Raha mahavery azy ianareo, dia hahita azy indray. Marina ve izany? Raha mihazona azy ianareo, dia hahavery azy. Raha manome azy ianareo, mahavery azy, dia hahita azy. Marina ve izany?

286 Ary Miriamama kely teo am-pihinanana fotsiny. Hoy izy, “Eny.” Hoy izy, “Handeha any an-dapa ianao androany. Ary tsy izany ihany, fa ianao dia handeha, homena, homena telonjato dolara isan-kerinandro, sy efitra tsara indrindra eto amin’ny firenena, mba hikarakara ny zazakelinao manokana.”

287 Fotoana voalohany ao amin’ny tantara rehetra an’izao tontolo izao izay nisy reny iray hany nokaramaina mba hampinono ny zazakeliny manokana. Hitanareo ve hoe ahoana no anaovan’Andriamanitra an’ily izy? [Mitehaka intelo ny tanany Rahalahy Branham—Mpand.] Haleloia! Mampinono ny zazakeliny manokana, sy mahazo telonjato dolara isan-kerinandro ho an’izany, ary ny efitra tsara indrindra ao amin’ny firenena. Manao zavatra Andriamanitra, sa tsy izany Izy? Misy vidiny ve ny mivavaka? [Hoy ny fiangonana hoe, “Eny.”] Tsara ve ny mivavaka? [“Amena.”]

288 Noho izany, nanao ny valizy keliny ho vonona izy. Handeha haingana isika ankehitriny, hamarana isika ao anatin’ny iray minitra fotsiny. Noho izany isika . . . Nanao ny valiziny ho vonona izy, ary nandeha nidina teny amin’ny lalana, nandeha haingana mihitsy arak’izay vitany. Ary ny zavatra voalohany fantatrarao, tonga izy; nitsangana teo ny mpiambina antitra goavana iray niaraka tamin’ny lefona goavana be, nanao hoe, “Iza io mandeha eo io?”

Hoy izy hoe, “Fandraofa-mololo iray sy vilona indray mibata.”

“Mandrosoa.” Hitanareo ve hoe ahoana no anaovan’Andriamanitra zavatra?

<sup>289</sup> Nandeha teo amin’ily mpiambina manaraka. Nanatsoaka ny sabany izy teo, nanao hoe, “Iza ianao? Iza io mandeha eo io?”

Hoy izy, “Fandraofa-mololo iray sy vilona indray mibata.”

Hoy izy, “Mandrosoa.” Oadray! Hitanareo ve hoe ahoana no anaovan’Andriamanitra zavatra?

<sup>290</sup> Miakatra izy, mandeha mijery manerana ny lapa; manomboka miakatra, ary mivoaka ilay fianakaviana mpanjaka rehetra, mamoa an’ireo sabany. “Iza io mandeha eo io?”

Hoy izy, “Fandraofa-mololo iray sy vilona indray mibata.”

“Mandrosoa miditra.”

<sup>291</sup> Ny zavatra voalohany fantatrareo, nanatona ny lehilahy iray, nanao hoe, “Ianao ve ilay ramatoa kely izay andrasan’ny andriambavy?”

“Eny.”

<sup>292</sup> “Ary ity ve ilay mpampinono ho an’ily zazakely izay hita aninkeo maraina?”

“Eny.”

<sup>293</sup> Hoy izy, “Eny, ento miditra izy.” Noho izany dia entiny miditra ilay zazakely . . . na entiny miditra ilay reny.

<sup>294</sup> Ary—ary ilay—nivoaka ilay mpanjakavavy kely, ka hoy izy hoe, “Mahafantatra zavatra mikasika ny zazakely ve ianao?”

Hoy izy hoe, “Eny, ry andriambavy.”

Hoy izy hoe, “Jereo ity zazakely ity. Tsy tsara tarehy ve izy?”

“Eny, ry andriambavy. Eny.”

Hoy izy, “Mety fantatrao ve hoe ahoana no ampinoana zazakely iray?”

“Eny, ry andriambavy. Azo antoka.”

<sup>295</sup> “Eny,” hoy izy, “hanome anao ny karamanao telonjato dolara isan-kerinandro aho.” Hmm! Tsy tsara ve Andriamanitra? Dia hoy izy, “Fa manana ny efitra tsara indrindra ato an-dapa ianao, ary halefa ho anao ireo sakafonao. Tsy mila hivoaka akory aza ianao ka hahandro ny sakafonao manokana.” Hoy izy, “Ankehitriny, indro ilay zazakely, mitandrema tsara. Aza azera izy.”

“Oh, aza manahy, tsy hanjera aho. Aza manahy, tsy hazerako izy.”

“Ataovy ny fikarakarana tsara indrindra ho azy.”

<sup>296</sup> “Aza manahy, hanao aho. Izy no hanana ny tena fikarakarana tsara indrindra.” Azo antoka, azy manokana izy,

hitanareo. “Izaho no hanome azy ny tena fikarakarana tsara indrindra.”

“Hitanao ve fa zazakely iray tsara tarehy izy?”

“Tena tsara tarehy,” hoy izy.

“Eny àry.”

<sup>297</sup> Nikatona ny varavarana, teo amin'i Miriama, sy neny, ary i Mosesy kely. Ary rehefa nikatona ny varavarana, dia nojereny ny manodidina rehetra. Hoy izy hoe, “Tsk-tsk-tsk! Dia nihevitra izy fa zazakeliny ianao. Ha-ha-ha-ha-ha!” Oh, oadray! Nosafosafoiny izy.

<sup>298</sup> Inona no nataony? Izy . . . Raha nihazona azy izy, dia inona no nataony? [Hoy ny fiangonana hoe, “Nahavery azy.”—Mpand.] Satria, naveriny tany amin'ilay Anankiray Izay nanome an'ilay izy azy izy, dia izy (naninona?) nahita azy, ary afaka mihazona azy izy. Ankehitriny inona no mitranga raha mahavery isika . . . Raha mihazona ny aintsika isika, dia inona no mitranga? [“Hahavery azy isika.”] Ary raha averintsika any amin'ilay Anankiray Izay nanome azy antsika izy, dia inona no hitranga? [“Hihazona azy isika.”] Hihazona azy isika. Marina ve izany?

<sup>299</sup> Firy aminareo rehetra no te-hiakatra manodidina ny alitara ka hivavaka? Tianareo ve ny hanao an'izany? Tianareo ve ny hikarakaran'i Jesosy anareo tahaka ny Nataony tamin'izy ireo, ry zaza kely? Ahoana . . . Ndao isika rehetra, rankizy kely, hiangona manodidina ny alitara eto ankehitriny. Hanao an'izany ve ianareo? Avia manodidina avy hatrany, mandohaleha manodidina ny alitara. Ndao isika hivavaka, ianareo rehetra. Ny ankizy kely rehetra ankehitriny tongava eto. Tianareo ve ilay tantarako mikasika an'ity? [Hoy ny fiangonana hoe, “Eny.”—Mpand.] Tianareo ve izany? Eny àry, ankehitriny dia tongava eto avy hatrany manodidina ny alitara. Avia ankehitriny. Ianareo ankizy kely rehetra avia, mandohaleha manodidina ny alitara, mandohaleha avy hatrany fotsiny eo—eo amin'ny alitara avy hatrany. Izay ilay izy. Ianareo madinika kely rehetra any aoriana, avia eto ankehitriny, hivavaka isika. Eny àry. Ianareo izay te-ho tonga ka hivavaka. Avia ka mandohaleha manodidina ny alitara. Marina izany. Ankehitriny, tsara izany. Mety tsara fotsiny izao.

<sup>300</sup> Ankehitriny, ireo reny, tianareo ve ny ho avy, ihany koa, sy ireo dada, tianareo rehetra ve ny handohalika eo amin'ny lalantsara?

<sup>301</sup> Ankehitriny dia te-hanontany zavatra aminareo ankizy kely eto aho. Jereo. Mino ve ianareo fa tia anareo Jesosy tahaka ny Nitiavany an'i Mosesy mihitsy? Mino ve ianareo fa miambina anareo tahaka an'izany ireo Anjely? Ankehitriny, nanome anareo aina iray Andriamanitra. Sa tsy izany Izy? Ankehitriny, raha mihazona ny ainareo ianareo, dia inona no hitranga amin'izany? [Hoy ireo ankizy hoe, “Hahavery azy.”—Mpand.] Hahavery azy.



Fa raha averinareo amin'i Jesosy izany izao maraina izao, amin'izay fotoana izay dia inona no hataonareo? [“Mihazona azy.”] Hanao—hihazona azy. Te-hamonjy ianareo. Ankehitriny te-hamonjy ny ainareo ianareo, sa tsy izany? Ary te-hitombo mba ho tena reny sy tena ramatoa ianareo, sa tsy izany; ary tena lehilahy, mpitory teny, sy ny sisa? Tsy tianareo ve ny hanao an'izany? Ankehitriny, raha tianareo, amin'izay fotoana izay dia omeo an'i Jesosy ny ainareo. Ity no fomba anaovanareo azy. Manaova ianareo hoe, “Jesosy malala, izao ihany no tokony homeko Anao, dia ny aiko, fa Ianao kosa no aoka hiambina ahy tahaka ny Niambenanao an'i Mosesy.”

<sup>302</sup> Ankehitriny, raha ny sasany aminareo lehibe no te-ho tonga ka handohalika, ihany koa, ny sasany aminareo reny, angamba, ka mety ho tianareo ny handohalika eto izao maraina izao. Eny, izany dia misokatra ho anareo, ihany koa. Raha sitrakareo, dia avia, mandohaleha eto avy hatrany. Mahafinaritra izao. Indro ny reny iray miaraka amin'ny zananilahy kely. Hisy olona hafa ve?

<sup>303</sup> Ray iray, dada, na iza na iza aminareo, raha te-ho lehilahy iray mivavaka tahaka an'i Amrama ianareo, dia avia, mandohaleha, ihany koa.

<sup>304</sup> Neny, raha te-ho tahaka an'i Jokebeda ianareo, nahoana, tongava avy hatrany, mandohaleha, ihany koa.

<sup>305</sup> Azo antoka, ho an'ny olona rehetra izany. Satria, inona? Ianareo dia manana aina iray, ihany koa. Raha mihazona an'izany ianareo, dia inona no hitranga? [Hoy ny fiangonana hoe, “Hahavery azy.”—Mpand.] Hahavery azy. Ary raha averinareo amin'ilay Anankiray Izay nanome azy anareo izany, dia inona no hitranga? [“Hamonjy azy.”] Hamonjy azy ianareo, ho amin'ny Fiainana mandrakizay. Marina izany. Ankehitriny, tsy hiangona manodidina ve ianareo, ianareo rehetra izay maniry ankehitriny, ka ndao isika hanao vavaka miaraka amin'ireto madinika ireto, ary miaraka aminay, miaraka amin'ny rehetra ankehitriny.

<sup>306</sup> Fetin'ny Reny, andro mahafinaritra iray. Ary rahariva angamba, dia mety hanova ny lohahevitra aho sy hanohy rahariva ary hiteny an'izay nataon'io reny io, ahoana no nataon'io reny io. Izy no anankiray izay nampianatra ny zananilahy kely hitarika ny Isiraely rehetra ho any amin'ilay tany nampanantenaina. Oh, tena reny iray izy. Tsy tena reny iray ve izy? [Hoy ireo ankizy hoe, “Eny.”—Mpand.] Ankehitriny, ianareo dia manana tena reny iray, ihany koa, ary mivavaka ho anareo i neny. Tena dada iray izy. Ary mivavaka ho anareo i dada. Ary ankehitriny dia hiaraka hivavaka isika rehetra, ka hangataka an'i Jesosy mba hanampy antsika.

Rahalazy Neville, ho avy ve ianao, handohalika miaraka aminay?

307 Ary ndao isika rehetra hanondrika ny lohantsika, hatraiza hatraiza. Ankehitriny Ranabavy Gertie... [Manomboka mitendry ny *Ento Izy Ireo* ilay mpitendry piano—Mpand.]

308 Ray any An-danitra malala, ity tantara kely, tsotra androany ity, mikasika ny andro lasa ela, izay nisy ray sy reny marina iray, na mpino marina iray, nanatona Anao ka nanompo Anao izy ireo. Nino Anao izy ireo. Nisy fahoriana iray teo amin'ny firenena tamin'io fotoana io. Ary ahoana no ahafantaranay fa tsy misy Mosesy kely moderina iray mandohalika eto izao maraina izao! Ahoana no ahafantaranay fa tsy misy Miriama kely moderina iray nandohalika teto izao maraina izao, ihany koa, ilay mpaminanivavy!

309 O Ray Malala, tia Anao ireto ankizy kely ireto, ka tonga izy ireo, mandohalika eo amin'ny hazo fijaliana, mahafantatra fa manana aina iray izy ireo izay tsy maintsy hovonjena, ka manome an'izany ho Anao izy ireo ankehitriny. Fa vao avy namaky tao amin'Ny Teninao izahay hoe, “Raha mahavery an'izany ianareo, dia hahita azy; ary raha mihazona azy ianareo, dia hahavery azy.” Ary, Ray, tsy te-hihazona ny ainy ho an'ny tenany izy ireo. Tsy te-hiaina ho an'ny tenany izy ireo. Te-hanome ny ainy ho Anao izy ireo, mba, amin'ny alàlan'ny fanomezana an'izany, no habitan'izy ireo ny Fiainana Mandrakizay. Ekeo, ekeo izany, Tompo.

310 Tahio ireto zazalahy sy zazavavy kely rehetra manodidina ny alitara ireto. Tahio ireo reny sy ray izay eto izao maraina izao. Oh, enga anie ny Fahasoavam-pitiavanao sy ny famindramponao ho eo amin'izy rehetra. Mamelà anay, Tompo, amin'ny fahotanay rehetra sy ny tsirambinay. Esory eto afovoanay ny aretina.

311 Iraho ireo Anjely! Haleloia! Andriamanitra, Ianao Izay nandidy an'i Gabriela, ka Anjely iray alina no nandeha teo amin'ny famindrana; tsy Anjely maro mihoatra noho izany ve no ho tonga manodidina rehefa mahita an'ireto ankizy kely mampalahelo ireto izy ireo izay mandohalika eto amin'ity alitara ity izao maraina izao! Ny manodidina rehetra, manerana an'ity alitara ity ary manerana an'ity fiangonana ity, no mitsangana ireo Anjelin'Andriamanitra. Eto ilay Anjely mpanao firaketana, manoratra ny anaran'izy ireo ao anatin'ny Boky. Mamery ny ainy izy ireo, mba ahafahany mahita azy ao amin'i Kristy! Ekeo izany, Tompo.

312 Enga anie, manomboka amin'ity andro ity, manomboka izao, ho mora sy manetry tena ireo fiainany kely. Enga anie izy ireo ho ankizy mankatò an'ireo raiamandreniny sy an'ny Rainy any An-danitra, mandra-pahatongan'ny andro izay Iantsoanao azy ireo ho any an-Trano. Tariho lalana izy ireo ao amin'ireo lakana keliny, mandeha manerana ny ranomody rehetra. Isaky ny miraikitra ao amin'ireo kirihitra izany, dia enga anie ireo Anjelin'Andriamanitra hanosika an'izany hiditra

ao amin'ireo rano mikoriana an'ny fitiavan'Andriamanitra. Ekeo izany, Tompo. Ary eo amin'ny faran'ny lalana, dia enga anie izy ireo hahita Tranom-pitiavana iray, sy ny reniny ary ireo malalany any amin'ny Voninahitra, izay misy an'Andriamanitra mitsangana eo amin'ilay vavahady mba hiarahaba tongaso, amin'izany andro izany. Ekeo izany, Ray.

<sup>313</sup> Mamelà anay rehetra ny amin'ny fahotana sy ny helokay. Ary ampio izahay manomboka amin'ity andro ity mba ho Anao manontolo. Mametraka an'ireto ankizy kely ireto eo an-Tànanao izahay ankehitriny. Ary ireto reny miaraka amin'izy ireo, Tompo, mba ho ilay karazana reny tsara izy ireo eo amin'ity Fetin'ny Reny ity, ity fotoam-pahatsiarovana izay nomena ny reny ity. Ary enga anie izy ireo, manomboka amin'ity andro ity, ho reny tsaratsara kokoa. Enga anie ireo ankizy mba ho ankizy tsaratsara kokoa. Enga anie izahay rehetra ho tsaratsara kokoa, Tompo, ka hanompo Anao bebe kokoa. Ekeo izany, Ray, fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

Ndao isika hihira isan'andininy kely iray ankehitriny.

<sup>314</sup> Mino ve ianareo fa namonjy anareo Jesosy? Tianareo hiambina anareo ve Jesosy ankehitriny, raha mbola mitsangana ianareo? Atsangano Aminy ny tãnanareo, tahaka an'izao ankehitriny. Tiako ianareo hitodika mankany amin'i dada sy neny, sy izy rehetra ireo. Mitodiha tahaka an'izao. Ankehitriny jereo eto, ry neny sy dada. Ianareo zazavavy sy zazalahy kely rehetra mitsangana. Ankehitriny, firy no manaiky an'i Jesosy ho Mpamonjinareo, ka hatoky an'i Jesosy ianareo manomboka izao ankehitriny izao, mba hikarakara anareo tahaka ny Nikarakarany an'i Mosesy kely, aoka ho hita ny tãnanareo mitsangana. Ny tsirairay avy aminareo ankehitriny. Mahafinaritra izany! Ankehitriny inona no nitranga? Raha mihazona ny ainareo ianareo, ianareo dia maninona? [Hoy ny fiangonana hoe, "Hahavery azy."—Mpand.] Hahavery azy. Fa raha omenareo an'i Jesosy izany, dia inona no hitranga? ["Hihazona azy."] Hihazona azy ianareo. Ankehitriny, ahoana moa raha mandray anareo Jesosy ankehitriny izao maraina izao? Ary an'i Jesosy ianareo ankehitriny, sa tsy izany? Zazalahy sy zazavavy kelin'i Jesosy ianareo.

<sup>315</sup> Jereo ireto ankizy kely mitsangana eto miaraka amin'ny ranomaso ireto. Hiteny amiko ve fa tsy mahafantatra an'izany Andriamanitra? Amena. Ireo lehilahy sy vehivavin'ny ampitso! Mitsangana.

Ento hiala amin'ireo sahan'ota izy ireo;  
Ento izy ireo, ento izy ireo,  
Ento eo amin'i Jesosy ireo madinika kely.

"Oh, Tena Tiako Jesosy!" Ankehitriny avia!

Oh... (ianareo rehetra)... tena tiako Jesosy,  
 (atsangano ambony ny tânantsika ankehitriny)  
 Oh, tena tiako Jesosy,  
 Oh, tena tiako Jesosy,  
 Satria nitia mialoha Izy.

<sup>316</sup> Tsy mahafinaritra ve izany? Ankehitriny, *Tia An'Ireo Ankizy Kely An'Izao Tontolo Izao Jesosy*. Omeo anay ilay feon-kira, ranabavy. Ankehitriny dia mitodiha avy hatrany tahaka an'izao ianareo rehetra, mankaty amiko, ianareo zazavavy kely. Izaho dia te-hihira ny *Tia An'Ireo Ankizy Kely An'Izao Tontolo Izao Jesosy*. Firy no mahafantatra an'izany? Eny àry, ndao isika hihira ankehitriny.

Tia an'ireo ankizy kely Jesosy,  
 Ireo ankizy rehetra an'izao tontolo izao;  
 Mena sy mavo, mainty sy fotsy, sarobidy eo  
 Imasony izy ireo,  
 Tia an'ireo ankizy kely an'izao tontolo izao Jesosy.

<sup>317</sup> Ankehitriny, ao amin'ilay tafika ianareo rehetra ankehitriny. Efa fantatrareo ve izany? Fantatrareo ve fa ao amin'ilay tafik'Andriamanitra ianareo? Ankehitriny, mijere ahy tsara ianareo ankehitriny. Ary hirao miaraka amiko ity ankehitriny, satria miaramila ianareo ankehitriny. Fantatrareo ve izany? Miaramilan'ny hazo fijaliana! Ankehitriny, "Mety tsy mbola mamindra mihitsy aho..." Fantatrareo ve io anankiray io? Eny àry. Eny àry, efa ela izay, no nianarako an'ilay hira tranain'ny sekoly Alahady. "Mety tsy mbola mihitsy aho..." Ankehitriny ianareo, miaraka amiko ankehitriny. [Manao fihetsika Rahalahy Branham raha mihira an'ireo tonon'ny *Ao Amin'Ilay Tafiky Ny Tompo Aho—Mpand.*]

Mety tsy mbola mamindra ao amin'ilay miaramila  
 an-tongotra mihitsy aho,  
 Mandeha ao amin'ilay miaramila mitaingin-  
 tsoavaly, mitifitra tafondro;  
 Mety tsy mbola manidina eo ambonin'ilay  
 fahavalo mihitsy aho,  
 Saingy ao amin'ilay tafiky ny Tompo aho.  
 Ao amin'ilay tafiky ny Tompo aho,  
 Oh, ao amin'ilay tafiky ny Tompo aho!

Avia miaraka amiko ankehitriny. Ny rehetra miaraka ankehitriny. Ankehitriny!

Mety tsy mbola mamindra ao amin'ilay miaramila  
 an-tongotra mihitsy aho,  
 Mandeha ao amin'ilay miaramila mitaingin-  
 tsoavaly, mitifitra tafondro;  
 Mety tsy mbola manidina eo ambonin'ilay  
 fahavalo mihitsy aho,  
 Saingy ao amin'ilay tafiky ny Tompo aho.

<sup>318</sup> Mino ve ianareo fa afaka mihira an'izany irery ianareo? Avia eto, ry zavavy kely, avia eto mihitsy. Tiako ianareo rehetra ankehitriny handeha manaraka an'ireo fihetsika iray ihany izay ataoko. Avia manodidina eto, aorian'ny alitara eto, ankehitriny. Avia eto mihitsy. Ny tsirairay avy aminareo, manatona eto amin'izay misy ahy mihitsy, hitanareo. Manatona eto; aoka tsy hisy olona eo amin'ny alitara. Avia eto miaraka amiko mihitsy. Izay ilay izy. Mahitsy. Mahitsy tahaka an'izao. Ankehitriny dia mitodiha tahaka an'izao, jereo ity mpanatrika ity, tahaka an'izao. Izay ilay izy. Te-haneho aminareo aho hoe inona no ataon'ireo zazalahy sy zazavavy kely mahafinaritra rehefa avy mahafantatra an'i Jesosy izy ireo. Ankehitriny, avia eto aoriana eto mihitsy, ry zazalahy sy zazavavy. Ankehitriny ianareo dia . . . Izay ilay izy. Mijere etsy ankehitriny.

<sup>319</sup> Ankehitriny rehefa hoy aho hoe, “Mety tsy mbola mamindra ao amin'ilay tafika mihitsy aho,” ianareo. . . “mamindra ao amin'ilay miaramila an-tongotra,” ianareo dia mamindra, ihany koa. Rehefa hoy aho hoe, “Mety tsy mbola mandeha ao amin'ilay miaramila mitaingin-tsoavaly mihitsy aho,” dia manaova an'ilay zavatra iray ihany izay ataoko ianareo. Ankehitriny dia mijanona lavitra kely aoriako, aoriana kely ankehitriny, manisy elanelana. Aoriana kely, aoriana kely, ankehitriny vonona ianareo. Ankehitriny avia, ndao isika hihira an'izany. [Manao an'ireo fihetsika Rahalahy Branham sy ireo ankizy raha mihira—Mpand.]

Mety tsy mbola mamindra ao amin'ilay miaramila  
an-tongotra mihitsy aho, (Diniho!)

Mandeha ao amin'ilay miaramila mitaingin-  
tsoavaly, mitifitra tafondro;

Mety tsy mbola manidina eo ambonin'ilay  
fahavalo mihitsy aho,

Saingy ao amin'ilay tafiky ny Tompo aho.

Oh, ao amin'ilay tafiky ny Tompo aho,

Ao amin'ilay tafiky ny Tompo aho! (Vonona!)

Mety tsy mbola mamindra ao amin'ilay miaramila  
an-tongotra mihitsy aho,

Mandeha ao amin'ilay miaramila mitaingin-  
tsoavaly, mitifitra tafondro;

Mety tsy mbola manidina eo ambonin'ilay  
fahavalo mihitsy aho,

Saingy ao amin'ilay tafiky ny Tompo aho.

<sup>320</sup> Amena! Mipetraha tsara fotsiny. Firy no tia an'izany? Manaova hoe, “Amena.” [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena!”—Mpand.] Tsara izany.

<sup>321</sup> Ankehitriny, Ray any An-danitra, tahio ireto ankizy kely ireto androany. Anao izy ireo, Tompo. Manome ny fiainany ho Anao izy ireo. Mandre an'ilay tantara kelin'i Mosesy izy ireo sy

hoe ahoana no Niarovanao azy. Mandre ny amin'ny reny tsara iray sy ray tsara iray izy ireo izay nanampy azy ireo sy nitaiza azy ireo. Ary manana reny sy dada tsara toy izany koa ireto ankizy kely ireto. Koa mivavaka aho, Ray, mba Hiambenanao azy ireo sy hanamoriana azy ireo eo amin'ireo onin'ny fotoana, ka enga anie ireo Anjelin'Andriamanitra hiaro azy ireo. Omeo... Ary amin'izay fotoana izay dia aoka ho eny amin'ilay fandraisana farany, mba handray azy ireo amin'ny andro farany, Tompo, ao amin'Ny Fanjakanao. Mangataka amin'ny Anaran'i Kristy izahay. Amena.

<sup>322</sup> Ankehitriny dia afaka miverina eny amin'ny sezanareo ianareo ka teneno amin'i dada sy neny hoe mahatsapa ho tsara toy ny ahoana ianareo. Amena.

<sup>323</sup> “Nandritry ny andro rehetra nirenirenen'izy ireo dia voatarika izy ireo.” Ianareo dia mahafantatra an'izany anankiray izany, ihany koa.

. . . tamin'ny firenireniny dia voatarika izy ireo,  
Voatarika tao amin'ilay tanin'ny fampanantenana  
izy ireo;  
Tamin'ny tanaan'ny Tompo ao amin'ilay fitarihana  
azo antoka,  
Dia nentina nankao amin'ny moron'i Kanana izy  
ireo.

Ny olona rehetra!

Ilay famantarana afo amin'ny alina,  
Ary ilay famantaran'ny rahona amin'ny atoandro,  
Mihevaheva eo ambony, eo aloha mihitsy,  
Raha mandroso eo amin'ny lalanay izy ireo,  
No ho mpitari-dalana iray sy mpitarika iray,  
Mandra-pahalasan'ny an-efitra,  
Satria ny Tompo, Andriamanitray, ao amin'ny  
Fotoany tsara  
No hitarika anay ao amin'ny hazavana amin'ny  
farany.

<sup>324</sup> Firy no marary izao maraina izao ka mila vavaka? Aoka ho hita ny tanaanareo. Satria tara kely isika izao, dia angamba hametraka ny asa fanasitranantsika isika ho amin'ny rahariva. Fa hanolotra tonom-bavaka iray fotsiny ankehitriny, satria tara kely isika izao.

<sup>325</sup> Nankasitrananareo ve ilay tantara kely? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena!”—Mpand.] Mihevitra ve ianareo fa tsara ho an'ireo ankizy kely ilay izy? [“Amena!”] Hia. Isika—andalovantsika fotsiny izy ireny matetika. Tsy tokony hanao an'izany isika. Hitanareo, tsy mba nanana anjara hampianatra sekoly Alahady mihitsy aho, ka izao maraina izao no fotoana iray niresahako tamin'izy ireo. Tsy te-handreraka anareo aho, fa tiako ny niteny an'io tantara kely io taminareo.

<sup>326</sup> Tsarovy, rankizy kely, tsy tantara tranainy kely izay vakianareo na aiza na aiza izany. Fahamarinana izany. Izany no Fahamarinana! Andriamanitra no nanao an'izany. Ary momba *anareo* Izy ankehitriny. Eny àry.

<sup>327</sup> Ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety ankehitriny raha mihira ny hirantsika fampiravana isika, moramora, “Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy, ho ampinga amin'ny fahavalo rehetra.” Eny àry.

Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,  
Ry zanaky ny alahelo sy fahoriana.



*FAMPIANARANA NY AMIN'I MOSESY* MAG56-0513  
(Teaching On Moses)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady maraina, 13 May 1956, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2017 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS  
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.  
[www.branham.org](http://www.branham.org)



## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS  
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.  
[www.branham.org](http://www.branham.org)